



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitsevana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-32

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY
VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-005/2019 TAMIN'NY 30 OKTOBRA
2019 MIKASIKA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA,
TAONA 2020**

Fivoriana faha-19
Natao ny
Sabotsy 30 Novambra 2019
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: -RAHANTANIRINA Lalao
-RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Sabotsy 30 Novambra 2019 tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory ary ireo vahiny solotenan'ny Governemanta Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana, ka Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatontosa izany.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny votoatin'ny fandaharam-potoana, nisy fampitam-baovao nataon-dRamatoa Filoha.

Nambarany, fa hisy ny fananganana «Groupe d'Amitié Parlementaire» ho an'i Madagasikara sy "Thaïlande"; Madagasikara sy "Sénégal" ary Madagasikara sy "Indonésie".

Nanentana ny Solombavambahoaka izay liana amin'izany izy mba hanatona ny sampandraharaha SRP, ao amin'ny rihana voalohany mba hisoratra anarana.

Rehefa izany, niroso tamin'ny lahadinika ny mpivory, ka ny famakiana ny tatitry ny asam-baomiera no nanombohana izany.

Andriamatoa TSARADIA Marco, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitondra ny tatitra, ka toy izao izany.

Nivory ny Alatsinainy faha-11, Talata faha-12 ary ny Alakamisy faha-28 Novambra 2019 ny maraina sy hariva ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera mitambatra tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. IDEALSON
3. JOHASY RAHARISOA Eléonore
4. TSARADIA Marco
5. RAMBOASALAMA Emilien
6. Jean Michel HENRI
7. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
8. RATSIMBAZAFY Alain Jean
9. RABENIRINA Maminiaina
10. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
11. RANDRIAMBOLAINA Gerry
12. RASOLONJATOVO Honoré
13. VONINAHITSY Jean Eugene
14. RAFENOMANANTSOA Aina
15. RASOAZANANERA Marie Monique
16. RABEKIJANA SolofoHery
17. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
18. RAYMOND
19. RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory :

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
2. RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
3. MBELO NDRIAMANAMPY Odon
4. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
5. FIAROVANA Lovanirina
6. RANDRIAMISA Nicolas David
7. RIVOTIANA Jean Bosco
8. VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
9. ROCHELIN Houssen
10. RAMAMONJISOA Rakotonirina Jhon W.

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|---------------------|
| 1. RAOELIJAONA Bien Aimé | SG/MEF |
| 2. ANDRIANTSOA Heriniaina | MEF/DGI/DLFC |
| 3. RASAMOELY Mialisoa | MEF/DGI/DLFC |
| 4. TIANAMANAMBINA | MEF/DGI/DLFC |
| 5. RAHARIJAONA Dina | MEF/DGI/DLFC |
| 6. ANDRIANOMANANA Razafindramavo | MEF/SG/DGFAG/DB/SSB |
| 7. DONAH | MEF/SG/DGI/DRR/SSP |
| 8. RANDRIANARISOA Léa | MEF/SG/DGI/DPR/SSP |
| 9. RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry | DLFC |

10.	RAKOTOARIMALALA Haja	DOUANE
11.	RAKOTOVAO Andriamisetrarivo	DGD/DLV/SLR
12.	LAINKANA Zafivanona	DG /DOUANE
13.	RAZAFITRIMO Volasoa	DAJLF/DOUANE
14.	JONASY J.	MEF
15.	RAHARIMANGA Mbolatiana	MEF/DGEP
16.	RANDIMBIARISOA Oliva	MEF/DGFAG
17.	ANDRIAMBELO Maminirina	MEF/SG
18.	RAKOTONDRABE Zoly	MEF/DB
19.	RAKOTOBE HarilalainaTahiana	DGMDE/SE1
20.	RATOVOHARIVONY M.	MEF/DGT/DE
21.	ANDRIANARISOA Fanjanirina	MEF/DGFAG/DB/SSPI
22.	RAZANADRAY Hanitriniaina Bodo	MEF/DGFAG/DB/SSSA
23.	RAKOTONDRAINIBE Hasina	MEF/DGI/DITEC
24.	RAKOTOMALALA A. Maminiaina C.	MEF/DGFAG/DB
25.	RAKOTOSON Solonirina Aimé	MEF/CAB/CT
26.	SOJA Randriamantena Christophe	MEF/DGD
27.	MONG Gianni	MEF/DGFAG/DB/SSB
28.	DOMA JOELINA RAMANOELINA Kiadinandrianina	MEF/DGFAG/DB/SSB
29.	RAZAFINIRINA Sylvie	MEF/DGFAG/DB/SSB
30.	ANDRIANARIVO Jafetra R.	MEF/DGFAG/DB
31.	RAKOTOJAONA HajaTsehero	MEF/DGFAG/DB
32.	RANAIVOZANANY Jerry	MEF/DGFAG/DB/SSB
33.	RAHARIJAONA NDRIANARILALA Rado	MEF/SG/DGI/DDP/STDI
34.	ANDRIAMIFIDY Soafaniry	MEF/SG/DGT/DDT/SADE
35.	RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary	MEF/SG/DGT/DDP/SASD
36.	ANDRIANAFERO Harinirina Yolande	MEF/DOUANES
37.	RABENANDRASANA Hery	DGFAG/DB/SSB
38.	GERMAIN	DGI
39.	RABETOKOTANY Josiane Malalotiana	MEF/DGFAG/DB/SSB
40.	RAHARIJAONA Dina	DGI/DLFC/SL
41.	ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona	DGT/DOF
42.	TSIENGENY Jocelyn	DGFAG/DGEAE

Nialoha ny asam-baomiera dia nisy ny fanolorana ankapobeny nataon'Andriamatoa Richard RANDRIAMANDRATO, Ministry ny Toekarena sy ny Tetibola mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nandritry ny fandraisam-pitenenany no nilazany, fa Firenena iombonana i Madagasikara ary Vahoaka iray ny Malagasy. Ny fifanotronana eto dia ho voninahitry ny Vahoaka Malagasy sy ny Firenena. Adidin'ny Governemanta no manolotra ny Volavolan-tetibola, fa anjaran'ny Solombavambahoaka kosa no mandany izany. Dingana tsy maintsy atao amin'ny fitantanandraharam-panjakana izany, ka raha tena ilaina vao misy ny volavolan-panitsiana ny Tetibola (LFR).

Ity famelabelarana ity dia mirafitra ho toy izao:

1. Ny tari-kevitra ankapobeny na «Orientations Générales»
2. Ny «Indicateurs macroéconomiques», ahitana ireo tanjona sy paikady izay tratrarina eo anatrehan'ny fanatanterahana ny PEM.
3. Ny «Indicateurs Budgétaires» izay ahitana ny «cadrage budgétaires» sy ny fitsinjarana ny tetibola isaky ny lohahevitra tsirairay ary ny mahakasika ireo Minisitery isan-tsokajiny.
4. Ny «Structure Budgétaire»

Eo amin'ny Tari-kevitra amin'ny ankapobeny (Orientations Générales):

Nanambara Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Tetibola, fa ny Fitondram-panjakana dia eo ampamolavolana ny «Plan Emergence Madagascar». Izany PEM izany dia mifototra amin'ny toko telo (03) lehibe dia ny lafiny Sosialy, ny lafiny Toe-karena ary ny lafiny Tontolo lainana. Tsy zava-baovao izy ireo, fa efa fandry hatrany satria dia ireo telo ireo ihany koa no fototra ifaharan'ny Fampandrosoana maharitra (Développement durable). Ny mampivavaka azy dia hita eo anelanelan'izy ireo ny Fahaiza-mitantana na ny «bonne gouvernance». Ahitana teboka telo no mandrafitra izany fahaiza-mitantana izany, toy:

- Ny Fandriampahalemana;
- Ny ady amin'ny kolikoly;
- Ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana izay omena fahefana ahafahan'izy ireo mitantana ny raharaha misy any amin'ny Faritra misy azy amin'ny alalan'ny fametrahana Governoram-paritra.

Ny lafiny Sosialy dia ahitana:

- Ny Fampianarana;
- Ny Fahasalamana;
- Ny fampananan'asa;
- Ny toeram-ponenana;
- Ny fanatanjahan-tena sy ny kolotsaina.

Ny lafiny tontolo iainana dia ahitana ny:

- Fitantanana maharitra ireo zava-boahary (gestion durable et conservation des ressources naturelles) izay ahitana loza matetika, toy ny doro tanety sy ala ;
- Ny angovo sy ny rano (Energie et eau).

Ny ara-toekarena dia:

- Ny fampiroboroboana ny fananganana orinasa (industrialisation de Madagascar);
- Ny Fizahantany;
- Ny Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra (ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono) mba hahatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo.

Rehefa mirindra ireo fototra telo lehibe ireo dia tokony ho tratra ny fenitra mba hampisandratra an'i Madagasikara.

Ny «Produit Intérieur Brut» (PIB) na HAF:

Hatramin'ny taona 2014 dia tsy nitsaha-nihena ny farim-piainan'ny malagasy na dia teo aza ny fampiharana ny FEC niarahana tamin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena.

Tamin'ny 2014 dia mitentina 531,3 dolara isan'olona ny PIB, ankehitriny kosa dia lasa 533 dolara isan'olona izany. Midika izany fa niha-sarotra sy tsy nitombo ny farim-piainan'ny Malagasy.

«Taux d'investissement»:

Eo ihany koa ny tahan'ny fiharian-karena eo amin'ny PIP izay nahitana fiakarana na dia kely aza :

2014	2019
18,3%	22,3%

Tsindrin-ketra:

Mahakasika ny tahan'ny tsindrin-ketra (taux de pression fiscale) miditra amin'ny kitapombolam-panjakana dia:

2014	2019
8,4%	10,7%

«Taux de croissance économique»:

Mahakasika ny fitombon'ny harin-karena:

2014	2019
3,3%	5% (Ezahina hotratrarina)

Ny tanjona amin'ny 2023 izay heverin'ny Governemanta hotratrarina ho fampandrosoana ny Firenena dia:

	Tanjona 2023
PIB	674,2 dolara isan'olona
Investissement (taux)	32,4%
Pression fiscale (taux)	15%-n'ny PIB
Taux de croissance économique	7%

Ankoatr'ireo dia ezahina ny hitazona ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana tsy hidangana ary ny tanjona dia ny hampihena izany hatramin'ny 2023:

2008	2019	2020
6,9%	6,8%	6,2%

Mahakasika ny fampidiran-ketra :

Raha hanenjika ilay 5,5%-n'ny tahan'ny fiakaran'ny hari-karena faobe isika amin'ny taona 2020 dia tokony hisy ezaka manokana mba ho 11,5% ny taha-tsindrin-ketra henjehina. Noho izany, betsaka ny fanovàna mila tanterahina mba hahatrarana izany tanjona izany. Marihana fa 10,7% ny taha-tsindrin-ketra ankehitriny.

«Déficit Budgétaire»: Mahakasika ny fatiantoka amin'ny fitantanana ny volam-panjakana dia miiba ho 2,8% izany.

«Cadrage macroéconomique»: Mahakasika ny fandaniana ny volam-panjakana dia misy ny zanabola (intérêt) tsy maintsy aloantsika izay mitentina 452,1 Miliara Ariary. Tamin'ity taona ity dia 432,7 Miliara Ariary no voasoratra tao amin'ny Lalàna mifehy ny Tetibola Nasiampanitsiana (LFR). Izany hoe misy fitomboana 4,5% izany.

Amin'ny «Opération nette du trésor» dia ahitana fitomboana 29,2%, izany hoe 501,1 Miliara Ariary amin'ny taona ho avy raha 387,9 Miliara Ariary izany tamin'ity taona ity.

Eo ihany koa ireo findramam-bola izay nahitana fitomboana 48,9%, tamin'ny taona 2019 dia 138,3 Miliara Ariary ny findramam-bola natao raha toa ka hiakatra ho 205,9 Miliara Ariary izany amin'ny taona 2020.

Raha ny PIP ivelany kosa dia mitetina 2489,4 Miliara Ariary amin'ny taona 2020, raha 2180 Miliara Ariary izany tamin'ity taona 2019 ity. Izany hoe nisy fitomboana 14,3%.

Ny PIP anatin'ny kosa, 1536,9 Miliara Ariary tamin'ity taona ity izay ho lasa 2351 Miliara Ariary amin'ny taona 2020.

Mahakasika ny fiatrehana ireo «Budget de fonctionnement» samihafa dia nahitana fihenana kely izany raha oharina ny tamin'ny taona 2019. Izany hoe, raha 4375,9 Miliara Ariary izany tamin'ity taona 2019 dia hihena ho 4373,9 Miliara Ariary amin'ny taona 2020.

Ny ahafahana miatrika ireo fandaniana ireo dia ny fampidirana-ketra izay hisy fitomboana amin'ny alalan'ny tsindrin-ketra atao. Tamin'ity taona 2019 ity dia 5805,6 Miliara Ariary izay hiakatra 7036,8 Miliara Ariary amin'ny taona 2020. Eo ihany koa ireo «pression non fiscale» (redevance, ristourne) izay heverina fa hitentina 200,3 Miliara Ariary no hampidirina raha 102,2 Miliara Ariary izany tamin'ity taona ity. Ny anton'io fiakarana io dia ny fampidirana ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny vola rehetra izay kirakirain'ireo «Autorités» sy «agences» maro samihafa araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Governemanta.

Eo koa ireo vola fanampiana avy any ivelany (aide budgétaire) izay heverina ho 1474 Miliara Ariary no ho azo amin'io taona ho avy io raha toa ka 1745,7 Miliara Ariary izany tamin'ity taona ity.

Mba hahamarin-toerana ny mizanan'ny fitantanana ny volam-panjakana dia tsy maintsy mitady izay fomba ahafahana miatrika ny fatiantoky ny tetibola (déficit budgétaire) isika. Ny fatiantoky ny tetibola io dia mitentina 1605,5 Miliara Ariary amin'ny taona 2020 raha toa ka 1390,1 Miliara Ariary izany tamin'ity taona ity.

Raha jerena ny fitsinjarana izany vola rehetra izany isaky ny sehatra dia ireo Minisitera misahana ny lafiny Sosiahy, toy ny fampianarana, fahasalamana, ny toeram-ponenana, ny fanatanjahantena ary ny Kolotsaina no hahazo ny ampahany betsaka. Ho an'ireo Minisitera misahana ny famokarana dia 991,2 Miliara Ariary izay nahitana fitomboana 30,3% raha oharina tamin'ity taona ity. Ireo Minisitera misahana ny fandriampahalemana dia 961,2 Miliara Ariary ny vola natokana ho azy. Ireo Minisitera misahana ny Fotodrafitrasa sy ny Fanajariana ny tany dia hahazo vola mitentina 1520,7 Miliara Ariary. Ny Minisitera sasany tsy tafiditra ao anatin'ireo sokajy ireo dia 3119,5 Miliara Ariary no natokana ho azy.

Mikasika ny fitsinjarana ny volam-panjakana isaky ny lohahevitra toy ny mpiasa, ny fampandehanan-draharaha ary ny fampiasam-bola dia mitentina 10 038 Miliara Ariary izay mitsinjara ho toy izao:

- Ny «Soldes» : 2700 Miliara Ariary
- Ny «Indemnités» : 203,3 Miliara Ariary

- Ny «Biens et services» : 1315,7 Miliara Ariary
- Ny «Transferts»: 983,6 Miliara Ariary
- Ny «PIP Externe»: 2491,4 Miliara Ariary
- Ny «PIP Interne»: 2344 Miliara Ariary.

Mba ahafahana mitsinjo ny ezaka izay atao eo amin'ny lafiny Sosialy, Toekarena sy Tontolo lainana dia hita fa ny lafiny Sosialy no hisitraka ny ampahany be indrindra amin'ny fandania ny volam-panjakana izay mahatratra 39,57%-n'ny tetibola. Aorian'izany, ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny ankapobeny 37,27%, ny Toekarena 21,07% ary ny lafiny Tontolo lainana dia 2,10%. Ireo rehetra ireo anefa dia miova isan-taona arakaraky ny fanapahan-kevitra raisin'ny Governemanta.

Raha ny fampanantenana izay nataon'ny Filohampirenena no asian-teny dia hita taratra ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity ireo Velirano 13 nifanaovany tamin'ny Vahoaka Malagasy, izay ahitana taha isaky ny Velirano.

Tsara homarihana fa hisy ny fanovàna hapetraka amin'ny taona ho avy, ka isan'izany ny fandania eo amin'ny vola natokana ho amin'ny fampiasam-bola, indrindra ny mahakasika ny “transfert” izay tsy fantatra ny hampiasana izany ho an'ireo sehatra sasantsasany. Nahena araka izany ny “transfert” mankany amin'ireo “organisme” na fikambanana maro samihafa ireny. Nofoanana ihany koa ny “compte de commerce” sy ny “institution de recette”, ka halefa any amin'ny “budget général” manomboka izao.

Eo ihany koa ny fitsinjaram-pahefana izay efa nanomboka tamin'ity taona ity, tamin'ny alalan'ny fikarakarana “conférence régionale” mba hahafantarana ireo filàna eny anivon'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

Nisy fitomboany ny “crédit” izay natokana ho an'ny Governoran'ny Faritra. Hisy ihany koa ny “déconcentration” eo amin'ny fitantanana ny “budget” ho an'ny CSB sy ny EPP. Anisan'ny fanovàna nentina ihany koa izay hotohizana amin'ny taona ho avy, ny fijerena akaiky na “traçabilité” amin'ny fandania ny volam-panjakana amin'ny ankapobeny, ka atao ezaka manokana ny “dématisation”-n'ny asam-panjakana mba ahafahana mijery akaiky ny fampiasana ny volam-panjakana. Ho hita amin'izany izay misitraka azy ary izay nanodinkodina izany.

A- NY VOLA MIDITRA

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fanazavana mikasika ny vola miditra ny teknisiana izay nozarainy ho roa lehibe dia:

- Ny vola miditra azo avy amin'ny alalan'ny Hetra;
- Ny vola miditra azo avy amin'ny Fadintseranana.

Ny Hetra

Nambarany tamin'izany fa lohahevitra efatra lehibe no hasiam-panavaozana:

1. Fanamafisana ny fanatsarana ny fampidiran-ketra anatin'ny mba hampitomboana ny vola miditra. Tamin'ny taona 2019 dia 3 173 Miliara Ariary no vola miditra ka hampitomboina ho 4 029 Miliara Ariary amin'ny taona 2020.

Noho ny antony fiatrehana ny Fisandratana (Emergence), ka dia tsy maintsy manao dingana lehibe ny Sampandraharaha Ankapoben'ny Hetra.

2. Fiantohana ny fanentanana indray ny toekarena: misy fepetra ahafahana mametraka izany fanarenana ara-toekarena izany;
3. Fanatrarana ireo tanjona amin'ireo sehatr'asa samihafa amin'ny fanatanterahana ny PGE, toy ny: fahasalamana, fananan-tany, tontolo iainana ary ny fampianarana;
4. Fanamafisana ireo fepetra mikasika ny fisavana ara-ketra sy ny ady amin'ny fanaovana hosoka.

Hetra amin'ny Vola miditra :

- Fampidinana ny taham-pakan-ketra amin'ny vola miditra ho 10% miditra ho an'ny olon-tsootra na fikambanana misehatra amin'ny fahasalamana sy/na fanabeazana, izay 20% izany teo aloha.
 - Raiketina isan'andro ny vola miditra sy ny mivoaka raha toa ka latsaky ny 100 tapitrisa Ariary ny vola matiny.
 - Mitazona ny fitantanan-kaonty manaraka ny rafitra tsootra indrindra (SMT) mifanaraka amin'ny drafi-pitantanan-kaonty ankapobe 2005 raha toa ny vola matiny ka eo anelanelan'ny 100 tapitrisa Ariary sy ny 200 tapitrisa Ariary.
 - Raha vola miditra mitovy na mihoatra ny 200 tapitrisa Ariary dia tsy maintsy mitazona fitanan-kaonty isaky ny taom-piasana.
- Famerenana indray ny fototry ny hetra ao amin'ny vola miditra ho 40% raha 50% izany teo aloha.
- Misy ihany koa ny fanamarinana ny tsy fanalana ny hetra amin'ny vola miditra eo amin'ny tambin-karama sy ny fihenana-danja amin'ny famarotana sora-bola.
- Fampiharana ny fakan-ketra amin'ny vola miditra (IR) amin'ny taha 10 isan-jaton'ny anjara vola voarain'ireo mpiara-miombon'antoky ny orinasa izay tsy monina eto Madagasikara noho ny antony tsy fampiasam-bolan'izy ireo eto amintsika, noferena ho 10% io taha io.
- Fanitarana ny fepetra mikasika ny vola fandrotsaka mialoha amin'ny IR sy IS amin'ny taha 2% ho an'ireo raharaha fanondranan'entana rehetra; natao izany mba hisorohana amin'ny hosoka sy ho fanamafisana ireo fepetra mahakasika ny fisavana ara-ketra.
- Firosoana eo anivon'ny Sampandraharaha Ankapoben'ny Hetra ny fandoavan-ketra amin'ny tambazotra nomerika (digitalisation des paiements) mandeha amin'ny alalan'ny «télé-déclaration» sy «télé-paiement» mba hisorohana ny fifaneraserana eo amin'ny mpandao hetra sy ny mpiasan'ny hetra. Efa natomboka tamin'ny 15 Oktobra 2019 izany, rehefa mametraka fanambarana ara-bola dia tsy mametraka taratasy intsony, fa amin'ny alalan'ny «e-bilan» no anaovana izany.
- Fametrahana:
 - Ny tovan'ny filazana ny toe-bola ny ho an'ireo mpisehatra amin'ny tsenam-baro-panjakana sy asa hafa;
 - Ny lisitra miavaka sy amin'ny antsipiriany;
 - Ny fandaniana manokana sy iraisana mikasika ny tsenam-baro-panjakana, ny vokatry mifandraika amin'ny tsenam-baro-panjakana ary ireo asa hafa mandritra ny vanim-potoana hanatanterahana ny asa.
- Fakana haba 8% amin'ny vola miditra sy ny haba amin'ny tataom-bidy eo amin'ny tsenam-baro-panjakana izay alaina avy hatrany (retenu à la source).

Ny antony dia mba hiadiana amin'ny hosoka sy ny fahasahiranana amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny fampahatsiahivana ny Minisitery amin'ny fampidirana ny haba eo amin'ny tatao-bidy amin'ny PIP.

Eo amin'ny Hetra tambatra dia hisy ny:

- Tsy fakana hetra tambatra (IS) eo amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-baro-panjakana;
- Fampiharana ny fampihenana-ketra amin'ny taha 2% eo amin'ny vidin'ny entana sy saikin'asa izay misy taratasim-barotra ara-dalàna sy mazava tsara;
- Tokony hananan'ny orinasa ara-barotra iharan'ny hetra tambatra fitanan-kaonty mifandraika amin'ny drafi-pitantanan-kaonty Ankapobeny 2005 ;
- Tokony hotazonin'ny olona iharan'ny Hetra Tambatra ny firaketana vola miditra isan'andro sy ny fandaniahana raha toa ka latsaky ny 100 tapitrisa Ariary ny vola miditra. Fitanan-kaonty, manaraka ny rafitra tsotra indrindra mifanaraka amin'ny drafi-pitantanan-kaonty ankapobeny kosa izany raha ny vola eo anelanelan'ny 100 tapitrisa Ariary sy 200 tapitrisa Ariary.

Sara-panoratana (DE):

- Fandraisana sara-panoratana amin'ny taha 1% tsy mihoatra ny 5 tapitrisa Ariary ho an'ireo sambo hanaovana varotra sy ireo kara-piaramanidina. Noferana ho 2 000 Ariary kosa ny sara-panoratana isaky ny fitaovana ho an'ireo vao novidina.
- Fampiatoana ny fandoavana ireo sara amin'ny fandovàna sy ny sara amin'ny fanoratana ireo taratasim-pizarana avy amin'ny fandovàna mba ahafahan'ny vahoaka malagasy manatanteraka fanoratana amin'ny fananan-tany.

Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniahana (DA):

Fanavaozana ny hetra alaina amin'ireto entana fanjifa ireto:

- Ranom-boankazo: nanomboka tamin'ny taona 2005 dia 25 Ar/l ny hetra nalaina, fa hasondrotra kosa izany ho 100 Ar/l;
- Labiera: nanomboka tamin'ny taona 2005 dia 200Ar/l ny hetra nalaina fa hasondrotra kosa izany ho 600 Ar/l;
- Sigara: nanomboka tamin'ny taona 2005 dia 1 180 Ar ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniahana (DA), ka nasondrotra ho 1 390 Ar isaky ny fonosan-tsigara 20 ho an'ny eto an-toerana ary 325% raha sigara avy any ivelany amin'ity PLFI 2020 ity;
- Ireo fanondrotana ireo dia natao koa araka ny tolo-kevitra ny OMS mba hiadiana amin'ny diabeta sy hampatsiahivana ny mpanjifa mba hitandro ny fahasalamana;
- Serasera finday: raha teo aloha 8% ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniahana (DA) dia nasondrotra ho 10% izany satria tsy niantraika tany amin'ny mpanjifa ny hetra ambany;
- Vatosoa sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany: tsy nakana DA teo aloha ny fanondranana azy ireny kanefa ny fitrandrahana azy ireny dia manimba ny tontolo iainana ary mety ritra, ka tsy hiandry azy ho ritra vao haka tombony mba hanatsarana ny fiainam-bahoaka. Koa nanapakevitra ny DGI fa napetraka ho 20% no taha alaina amin'ny varotra anatin'ny sy ny fanondranana.
- Fampiakarana ny hadirin'ny alikaola azo afarana ho an'ireo fikambanana manokana ho 20 000 litatra isan-taona toy ny Farmasia amin'ny andrana izay ataony.

Haba amin'ny Tataom-bidy (TVA):

- Fanafoanana ny TVA eo amin'ny entona fandrehitra mba hitandroana ny fahapotehan'ny tontolo iainana izay tafiditra ao anatin'ny politikam-panjakana ny hanao alamaitso an'i Madagasikara;
- Fanafoanana ny TVA eo amin'ny fitaovam-pandrindram-piterahana rehetra mba hampihena ny fitombon'ny mponina, rahatoa ka tao anatin'ny LFI 2019 dia ny kapaoty ihany no voakasik'izany.
- Fanafoanan-kaba eo amin'ny fanafarana fitaovana sy fampitaovana ho an'ny orinasa momba ny sakafo satria politikan'ny Fanjakana ny hampiroborobo ireny orinasa ireny;
- Fanafoanana ny TVA-n'ireo fanatanterahana ny famatsian'entana, saikin'asa sy fotodrafitrasa izay tanterahin'ny tompon'antoky ny tsenam-baro-panjakana.
- Famerenana ny TVA alaina eo amin'ny fivarotana ny katsaka sy ny varimbazaha satria tsy nisy fiantraikany tamin'ny vahoaka ny fanafoanan-ketra natao;
- Famerana ho ao anatin'ny 3 volana manaraka ny vanim-potoana nisian'ny fanadinoana ny fahafahana manefa TVA raha nisy ny fanadinoana amin'ny fanesorana ny haba.
- Fandefasana amin'ny alalan'ny "Hetra online" ny tovana mahakasika ny TVA, ny antony dia ny hahazoantsika tahirin-kevitra fototra azo kirakiraina sy mba hiadiana amin'ny hosoka.

Haba amin'ny Tataom-bidy amin'ny Tsenam-baro-panjakana :

- Ho fepetra manokana dia hoforonina ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakana izay arotsaka ao amin'ny tetibolam-panjakana. Izany haba izany dia mahasolo sy manafaka ny fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra (IR), ny hetra tambatra (IS) ary ny haba amin'ny tataom-bidy.
- Raharaha voan'ny haba: izay mahakasika ny tsenam-baro-panjakana rehetra sy ny toa azy izay voafaritry ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakana.
- Olona voan'ny haba: ireo olona rehetra na antokon-draharaha tompony na mahazo ny tsenam-baro-panjakana na ohatrinona na ohatrinona vola matiny.
- Fototra amerana ny haba alaina avy amin'ny sora-bolan'ny tsena.
- Ny fomba famerana ny haba, ho an'ireo tsenam-baro-panjakana naloan'ny kaontim-panjakana na ny mpiasa miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-baro-panjakana, ny haba dia kajiana sy tanan'izy ireo ifotony. Ho an'ireo izay naloan'ny mpamatsy vola mivantana tany amin'ny tompony indray kosa, ny haba dia hanaovana filazana sy haloan'ny tompony any amin'ny mpitam-bolan'ny Ivon-ketra mahefa, farafahatarany ny faha 15-n'ny volana manaraka ny nandraisana ny vola.
- Andraikiry ny mpandoa hetra ny milaza na mampahafantatra eny anivon'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasy ny haba notanan'ny mpitana kaontim-panjakana na ny mpiasa misahana ny fandoavam-bola, farafahatarany ny faha 15-n'ny volana manaraka ny fitazonana.

Ny orinasa tsy mandray afa-tsy ny vola miditra avy amin'ny tsenam-baro-panjakana dia mampahafantatra ny toe-bola na ny famintinana ny tena zava-bita marina nandritra ny taona lasa eny amin'ny biraon'ny hetra ara-paritra mahefa isaky ny alohan'ny 1 Mey amin'ny taona manaraka eny amin'ny amin'ny biraon'ny hetra ara-paritra mahefa.

Hetram-bondrom-bahoaka:

- Fanafoanana ny hetra amin’ny fahazoan-dalana manafatra sy mivarotra ambongadiny sy antsinjara ny «éthanol» fandrehitra;
- Fanafoanana ny hetra amin’ny fahazoan-dalana ho an’ny mpamokatra, ny mpanisika ary ny mpivarotra alikaola fandrehitra «éthanol». Napetraka izany rehetra izany mba hiarovana ny fahapotehan’ny ala.

Fepetra iraisana:

- Fahafahana mandoa hetra amin’ny alalan’ny “E-hetra”, ka tsy hisy intsony ny fandoavan-ketra ara-taratasy any amin’ny birao;
- Fanamafisana ny ady amin’ny hosoka;
- Fanitsiana ny sazy amin’ny tsy fametrahana ny filazana rehetra ho an’ny mpandoa hetra izay manana vola maty latsaky ny 50 tapitrisa Ariary dia nohamaivanina ho 20 000 Ariary ny sazy alaina amin’ny tsy fametrahana ny filazana. Noferana ho 200 000 Ariary ho an’ireo mpandoa hetra iharan’ny fameran-ketra tena izy ary 100 000 Ariary ho an’ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan’ny 50 tapitrisa Ariary sy 200 tapitrisa Ariary;
- Fanamafisana ny fanaraha-mason’ny Fanjakana eo amin’ny vokatra rehetra, fa tsy nijanona teo amin’ny sigara sy ny alikaola toy ny teo aloha;
- Fanaraha-maso ara-potoana ireo orinasa mialohan’ny hitsaharan’izy ireo amin’ny asany ataon’ny Sampandraharaha Ankapoben’ny Hetra, ka anjaran’izy ireo ny miantoka ny fanerena ny fampidiram-bola any amin’ny Kitapom-bolam-panjakana alohan’ny hijanonan’ny orinasa amin’ny asany;
- Fampitoviana ny tovana TVA;
- Fanamafisana ny sazy amin’ny fandikan-dalàna;
- Fanovàna ny fomba arahina ho amin’ny fanaraha-maso sy fanamarinana ara-ketra;
- Fanoritana mazava ireo fepetra arahina amin’ny fangatahana famindram-po amin’ny fandoavan-ketra sy fangatahana ny fampidirana amin’ny rafitra mikasika ny fifanolanana.

Ny FADINTSERANANA

Navoitran’ireo teknisiana nandritra ny fitondram-panazavana nataony, fa amin’ny ankapobeny dia tsy misy fanovàna firy natao mikasika ny resaka laza-bidy (tarif), fa fanamorana ny fampidirana ny entana mba ho fanalefahana ny fandraharahana eo anivon’ny Fadintseranana no ezaka natao. Indrindra koa ny fanamafisana ny fanaraha-maso eo anivon’ny Fadintseranana.

I. Nambaran’izy ireo fa manana anjara andraikitra amin’ny:**1- Lafiny fampidirana-ketra:**

Fanondrotana ho 3 000 Miliara Ariary ny vola miditra amin’ny Fadintseranana raha ampitahaina amin’ny tetibolam-panjakana taona 2019 izay nitentina 2 600 Miliara Ariary. Ahitana fiakara ny eo amin’ny 300 ka hatramin’ny 360 Miliara eo ho eo izany;

2- Lafiny ara-toekarena:

Fanomezana tombotsoa ny mpandraharaha, anisan’izany ny fanafohezana ny paika arahina (procédure) hahatrarana ny fisandratana (Emergence) izay vinan’ny fitondram-panjakana ankehitriny;

3-Lafiny fiarovana:

Manana adidy izy ireo amin'ny ady atao amin'ny lafiny hosoka rehetra.

II. **Mikasika ny fifandanjana ankapoben'ny Volavolan-dalàna**

1. Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia notsindrian'ny teknisiana ny tokony handoavan'ny Minisitery sara sy haba amin'ny entana hafarany, toa ireo mpanafatra rehetra mba tsy ho vesatra ho an'ny fanjakana.
2. Nosokajiana ho telo ny tahan'ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana:
 - Akora fototra (matières premières): 5%
 - Akora tsy voahodina (biens intermédiaires): 10%
 - Vokatra voahodina (produits finis): 20%.

Fototra iaingana amin'ny fikajiana ny lazam-bidy ny Fadintseranana fotsiny io, fa miankina amin'ny fanjakana ny fitondrana azy.

Misy tsy fandoavana lazam-bidy ho an'ireo vokatra sasantsasany, toy ny: vary, zezika, fanafody, «panneaux solaires», sns... mba tsy hahalafo ny vidiny.

Eo koa ny fifanarahana misy eo amin'ny APEi (Vondrona Eoropeana) sy Madagasikara mba hampihenana miandalana ny tahan'ny haban-tseranana amin'ny entana miditra avy any Eoropa sy ny SADC, COMESA, COI, izay tsy andoavana haba.

III. **Fanovàna ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana:**

- Fampifanarahana ireo fepetra mikasika ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'i Madagasikara.
- Fanatevenana ireo fepetra mikasika ireo hetsika fanaraha-maso ataon'ny Fandrarahana.
- Fampifanarahana ireo fepetra ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana amin'ny fehezan-dalàna momba ny herinaratra izay mifanaraka amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.
- Fitakiana amin'ny fandoavana sara sy haba ho fampidiran-ketra mba ho tombotsoan'ny tahirim-bolam-panjakana.

IV. **Fanitsiana ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana:**

- Fanohanana ireo sehatra indostrialy izay efa misehatra na te-hanao izany eo aminy fanamboarana savony.
- Fampanarahana ny lazam-bidy amin'ny antony nanaovan'i Madagasikara «engagement» tamin'ny fiombonam-be Eoropeana.
- Fanarahana ny fenitra ny kalitao izay takian'ny Minisitery ny Angovo.
- Famaritana araka ny tokony ho izy ny fanasokajiana ny lazam-bidy momba ny faikan'entana fihinan'ny biby fiompy mba hialana amin'izay mety ho fanambarana tsy marina.
- Fanitsiana materialy eo amin'ny lazam-bidy sasantsasany.
- Fampiroboroboana ny fahasalamam-bahoaka.

V. Fiantraikany eo amin'ny hetram-panjakana:

Tombanana hampiditra vola:

- 5 Miliara Ariary ho an'ny 20%-n'ny haban-tseranana amin'ny fanafarana bolabolan-tsavony;
- 11 Miliara Ariary ho an'ny sara 5%-n'ny haban-tseranana ary 20% ny haba amin'ny tataom-bidy TVA amin'ny fanafarana sakafo-biby sy karazana faikan'entana hafa.

Mety hisy fiantraikany eo amin'ny hetram-panjakana ny haban-tseranana very amin'ny filazam-bidy an'ireo entana voakasika ny fifanarahana voalaza etsy ambony. Mety hahatra 39 Miliara Ariary eo ho eo izany.

Nohazavain'ny teknisiana ihany koa ny:

1. Mahakasika ny GasyNet:

- Tsy tokony hiankina amin'ny any ivelany raha vitan'ny fadintseranana ny mametraka rafitra mahakasika ny fiara sy ny fitrandrahana ny sanda (traitement de valeur) mifanaraka amin'izany. Ny GasyNet no miandraikitra sy misahana ny paikady ara-infôrmatika amin'izao fotoana izao;
- Napetraka ny GasyNet mba hanara-maso hialana amin'ny kolikoly ;
- Ho fanatsarana, efa manomana «word» izay afaka anaovana fizohiana ny fandoavam-bola ny Fadintseranana. Misy koa ny tetikasa efa vita mikasika ny fanadihadiana ny tataom-pahavoazana;
- Ny hoenti-manana eo amin'ny isan'ny mpiasa no tsy ampy. Tokony hisy Mpanaramaso (Inspecteur) tsirairay hiandraikitra ny sehatra na faritra (secteur) tsirairay;
- Nisy fanaraha-maso ombam-panamarinana nataon'ny Fadintseranana tamin'ny GasyNet ka 43% ihany no fahazoan'antoka (fiabilité) tamin'ny valiny;
- Efa tafaverina ny famerenan-trosa napetraky ny SGS izay nitentina 2 500 Miliara Ariary isan-taona.

2. Mikasika ny entana misitraka na tsia ny tsy fandoavana haban-tseranana :

Misy ambaratongany ny fandoavana haba amin'ny entana fanomezana avy any ivelany:

- Tsy ampandoavina haba izay entana ho an'ny Vondrom-bahoaka eo an-toerana (Collectivité locale) mba ho fampandrosoana ny Faritra;
- Misy sokajiny ny andoavana haba na tsia araka ny fifanarahana raha ny mahakasika ny ONG. Fa ireo izay azo ampiasaina eny an-tsena dia andoavam-bola,
- Tsy andoavana haba ny akora azo avaozina, toy ny vary, ny fanafody, zezika,
- Tsy andoavana haba ihany koa ny entana entin'ny fianakaviana avy any ivelany;
- Ny entana ho an'ny fiangonana sy ny Masoivoho koa dia tsy andoavam-bola;
- Misy isa (quota) ny fanomezana fanamorana ny fampidirana fitaovana hoan'ny Kaominina na ny fianarana. Rehefa feno ny «quota» dia mijanona. Ny atỳ amin'ny Antenimierampirenena no mandinika ny famaritana io isa (quota) io;
- Efa misy lisitra ahitana ireo tsy mandoa haba manomboka amin'ny **A** ka hatramin'ny **P** eny amin'ny Fadintseranana.

—

3. Fanazavana fanampiny:

- Raha sanatria tsy tafavoaka ny entana eny an-tseranana dia ilazana ny tompony mba tsy hahavery fotoana azy;

- Tokony hialana tsikelikely ny fanampiana avy any ivelany mba hahafahana mampitombo ny fidiram-bolam-panjakana;
- Raha tsy andoavan-ketra sy haba ny fanomezana rehetra dia lasa fatiantoka ho an'ny fanjakana. Mahatratra 750 Miliara Ariary ny fandania ara-ketra "Dépenses fiscales" izay tokony hahavitana lalana sy sekoly, ka tokony hojerena ny fomba hampihenana azy.

B- NY FANDANIANA

Nitondra fanazavana ireo teknisiana mikasika ny famaritana ankapobeny ny tombana ny Tetibola sy mahakasika ny harin-karena faobe eritreretina ho trararina ary ny famaritana ny paikady hifanaraka amin'ny tanjona hotrararina.

Fizotry ny famaritana ankapobeny, izay ahitana ny:

- Tanjona hotrararina;
- Fizotry ny vidim-piainana;
- Fitaovana nahatrararana izany;
- Famatsiam-bola hotadiavina mba hamatsiana ny «déficit public».

Ny «chiffres» rehetra dia tokony hifanjohy amin'ny «finances publiques», ny «secteur monétaire», ny sehatra ivelany ary ny famatsiam-bola avy any ivelany.

Amin'ny taona 2020 dia kendrena hahatratra 5,5% ny harin-karena faobe, ny tahan'ny tsindrin-ketra dia 11,5%, ny fandaniam-bolam-panjakana dia 17,4%, ny tahan'ny fampiasam-bola dia 25,4% ka ny an'ny Fanjakana dia 8,7% ary 16,8% ny an'ny sehatra tsy miankina.

Mikasika ny soritr'asa ara-toekarena dia kendrena ny hahatrararana ny 7% amin'ny taona 2023 mba hialana amin'ny fahatarana ara-pandrosoana sy mba hisitrahan'ny rehetra amin'izany ka hatao ny fanamboarana fotodrafitrasa samihafa: ny hanaovana tanàn-dehibe vaovao, ny fanaovana tohadrano, fadin-tseranana, ny momba ny fifandraisan-davitra ...

Ny tanjona fohy ezaka dia natao hiterahana asa betsaka sy vola ho an'ny mpiasa ka hampiakatra ny tinady ka hiteraka fitomboan'ny harin-karena faobe.

Ny tanjona lavitr'ezaka kosa dia mba hampitombo ny tolotra sy hampisy vokatra izay hiteraka fitomboan'ny harin-karena faobe.

Ny tetika hahatrararana izany dia:

- Fanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakana;
- Fanaovana ara-dalàna ny fidiram-bolam-panjakana;
- Ady amin'ny kolikoly;
- Fandraisan'anjara betsaka hataon'ny sehatra tsy miankina mba hahazoam-bokatra;
- Fampiroboroana sy fiaraha-miombon'antoka (fanjakana sy tsy miankina) amin'ny fotodrafitr'asa lehibe toy ny herin'aratra ...

Sehatra enina no tena voakasika dia ny:

- Fambolena;
- «Industrialisation»;
- Fizahan-tany;

- Fampandrosoana ny haitao momba ny fifandraisan-davitra;
- Fikarohana ny harena an-kibon'ny tany (solika, «mine»);
- Fitrandrahana harena an-dranomasina.

Hisy koa ny fijerena manokana ny ara-tsosialy toy ny:

- Fahasalaman'ny malagasy;
- Fari-pahaizana;
- Toeram-ponenana;

Mpiantsehatra manokana amin'ny fampandrosoana.

Ny tetika hahatrarana izany dia ny fanatsarana ny tontolo iainana, ny fananan-tany, ny fampivoarana an'i Madagasikara, ny fanomezana asa mendrika ho an'ny tanora sy ny vehivavy.

Rehefa izany dia niditra tamin'ny famelabelarana ny tontolon'ny toekarena mahakasika ny «cadrage macroéconomique» izay natao hametrahana ny fandaharana ny tetibola sy ny fanombanana ny harin-karena fahobe sy ny paikady sy tetibola mifanaraka amin'ny tanjona hotratrarina. Hita taratra ihany koa ireo fepetra na fitaovana hoentina hanatrarana izany, mifanjohy amin'ny sehatra ara-pamokarana, fitantanam-bola, sehatra ivelany na famatsiahana avy any ivelany. Vinavinaina ho 5.5% ny tahan'ny harin-karena faobe raha toa ka 5% izany tamin'ny taona teo aloha. Novinavinaina ho 11.5% ny tahan'ny tsindrin-ketra amin'ny taona 2020 rahatoa ka 10.7% teo aloha, vinavinaina ho 25.4% ny tahan'ny fampiasam-bola rahatoa ka 22.3% ny teo aloha.

Tokony hahita fahombiazana isika eo amin'ny fampiasam-bola amin'ny fanavaozana eo amin'ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny ady amin'ny kolikoly. Ny sehatra tsy miankina dia handray anjara betsaka eo amin'ny fampiroboroana ny toekarena, ka hohamafisina ny fiaraha-miasa eo amin'ireo sehatra mpiara-miombon'antoka tsy miankina. Ny tanjona dia ny fanamafisana ny mahaolona, ny fanabeazana fampiroboroana ny toeram-ponenana (promotion de l'habitat) sy ny momba ny fananan-tany, fanomezana asa mendrika ny tanora sy ny vehivavy.

Taorin'izany dia nitondra ny fanazavana mikasika ny fandanium-bola ny teknisiana.

Ny fandanium-bolam-panjakana manokana

Amin'ny ankapobeny dia mitentina 10 038 Miliara Ariary ny teti-bola amin'ny taona 2020: Nahitana fiakarany teo amin'ny tetibola natokana ho an'ny mpiasam-panjakana, ka nahatratra 2 700 Miliara Ariary izany. Nisy fiakarana 14,4% amin'ny ankapobeny.

Teo amin'ny tambin-karama dia nahatratra 203,3 Miliara Ariary ny tetibola ho amin'izany. Nisy fihenana 11,7% amin'ny taona 2020.

Ny fividianana entana sy asa dia mitentina 1 315,7 Miliara Ariary rahatoa 983,6 Miliara Ariary ny «transfert» (établissement) sy (organisme rattaché) amin'ny ankapobeny dia nihena 25% raha mihoatra tamin'ny taona 2019. Novinavinaina hiakatra 22% ny fampitaovana amin'ny taona 2020 raha mihoatra amin'ny taona 2019.

Ny “PIP externe” 2 491,4 Miliara Ariary raha toa ka 2,344 Miliara Ariary ny PIP interne. Niakatra 52,5% ny “PIP interne” raha mihoatra tamin’ny LFR. Nisy fitomboana 14,3% ny “PIP externe”.

Mizara sehatr’asa dimy ny firafitry ny Tetibola:

- Ny sehatr’asa sosialy dia 28%, ka niakatra 15,2% raha mihoatra amin’ny LFR 2019. Ny ataon’ny Fanjakana dia ny ady amin’ny fahantrana: fanorenana fotodrafitrasa momba ny fampianarana manarapenitra (EPP, CEG, Lycée, Université), fizarana kojakojam-pianarana, fanamboarana sy fanavaozana fotodrafitrasa fitsaboana manarapenitra (CHU,CHRB,CSB). Fandrakofana ny sandan’ny fitsaboana ho an’ny rehetra (mise en œuvre de la couverture santé universelle). Fanatsarana ny fiarovana ara-tsosialy. Fandoavana ny vatsim-pianarana eny amin’ny ambaratonga ambony.
- Ny sehatr’asa famokarana dia 10,8% ka niakatra 30,3% raha mihoatra amin’ny LFR 2019. Tosika eny amin’ny tontolo ambanivohitra mba hahatratrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo. Famerenana an’i Madagasikara ho Nosy maitso.
- Ny fotodrafitrasa dia 16,6% ka niakatra 16,3% raha mihoatra amin’ny LFR 2019. Fampiroborobona ireo fotodrafitrasa manara-penitra: tetikasa Tanamasoandro sy Tanàna vaovao; asa fanamboarana sy fanavaozana ireo lalam-pirenena sy faritany, tetezana, fanajariana ny lakandranon’ny Pangalana sy ny fotodrafitr’asa mahakasika ny fizahan-tany, seranan-tsambo, seranam-piaramanidina, sns...; vahaolana maharitra mifandray amin’ny olan’ny angovo; fampiroboroboana ny fampiasana ny teknolojia vaovao.
- Ny sehatr’asa fandriampahalemana dia 10,5% ka niakatra 28,9% raha mihoatra amin’ny LFR 2019. Fanamafisana ny fandriampahalemana Andrenivohitra sy eny Ambanivohitra.
- Ny Andrimpanjakana sy Minisitara hafa dia 34,1% ka niakatra 4,9% raha mihoatra amin’ny LFR 2019. Fanamafisana ny fampandrosoana eny amin’ny tontolo Ambanivohitra; fampiakarana ny hambompom-pirenena amin’ny alalan’ny fanomezan-danja ny tanora sy ny fanatanjahantena. Eo amin’ny lafiny kolotsaina dia ny fanavaozana ny Lapan’ny Manjakamiadana sy ireo Rova hafa, fametrahana Akademim-pirenena momba ny zavakanto sy ny kolotsaina ary ireo fandania hafa, toy ny fanentsenana ny CRCM sy ny fandoavana ny trosa.

NY FIFANDANJANA ANKAPOBENY (EQUILIBRE GENERAL)

Ny anjaran’ny Tahirim-bolam-panjakana dia ny famelabelarana mahakasika ny fifandanjana ankapobeny ny Volavolan-dalàna (tableau d’équilibre de la loi des finances):

Ny tabilaon’ny fifandanjana (tableau d’équilibre du budget) dia hita ao amin’ny pejy faha-104 (amin’ny teny malagasy) sy 97 (amin’ny teny frantsay).

Araka ny lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana dia ahitana fizarana 5 ny tabilaon’ny fifandanjana:

- Ny «cadre» I: mikasika ny tetibola amin’ny ankapobeny (budget général)
- Ny «cadre» II: ahitana ny tetibola an’ankina (budget annexes)
- Ny «cadre» III: ny kaonty manokan’ny tahirimbolam-panjakana
- Ny «cadre» IV: ny tamberimbidin’ireo entana fanampiana azo avy any ivelany (Fonds de contrevaleurs FCV)

- Ny «cadre» V: mikasika ny famadihanany renivolan'ny trosam-panjakana (opération en capital de la dette publique)

Ny tabilao mahakasika ny fifandanjana ankapobeny dia mandravona ireo tarehimarika rehetra ireo. Raha jerentsika izy io dia hita fa: ny totalin'ny fandaniana dia mitovy amin'ny totalin'ny vinavina amin'ny vola ampidirina, samy 15 480,00 Miliara Ariary avy.

Raha ho jerena ny tarehimarika mandrafitra ireo fizarana tsirairay ireo dia toy izao:

CADRE I: Budget Général de l'Etat

Mikasika ny vola miditra:

Ny fidiram-bolan'ny Fanjakana dia ahitana:

- Ny vola avy amin'ny Hetra (izay efa novelabelarin'ny "Impôt" sy ny "Douanes" teo aloha ka tsy hiverenana intsony)
- Ny vola miditra ivelan'ny Hetra: izay ho tombanana ho 215,4 Miliara Ariary ao anatin'ity tetibola ity
- Ny lehibe indrindra amin'izany dia ny vola ho azo avy amin'ny fanomezana alalana hitrandraka na hanao asa fandraharahana na ny ataontsika hoe «rédevance» (avy amin'ny jono, avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, vola aloa amin'ny "passeport" sy "carte des resident").
- Ny «dividendes» aloan'ireo orinasa ananan'ny fanjakana petra-bola dia mahatratra 85,6 Miliara Ariary.
- Ny fanampiana azo avy any ivelany (dons) dia ahitana:
 - Ny fanampiana hamatsiana ny tetibola izay hahatratra: 349,0 Miliara Ariary
 - Ny fanampiana entina hanatanterahana tetikasa: 1 139,4 Miliara Ariary

Araka ny hitantsika eto dia hahatratra 8 740,6 Miliara Ariary ny tontalin'ny vinavinan'ny vola miditra.

Mikasika ny fandaniana:

Hitentina 10 490,0 Miliara Ariary ny fitambaran'ny fandaniana voasoratra ao amin'ny tetibola ankapobeny ary mitsinjara ho toy izao izany:

- Ny fandaniana amin'ny fampandehan-draharaha (opération de fonctionnement): 5 654,7 Miliara. Ao anatin'io ny zana-bola haverina avy amin'ny fitrosana (na anatin'ny na avy any ivelany). Izy hitentina 452,1 Miliara amin'ny taona 2020.
- Ny fandaniana amin'ny lahasam-pamokarana (opération d'investissement) kosa dia 4 835,3 Miliara.

CADRE II: Ny tetibola anankina (budget annexe)

Izy ahitana ny tetibolan'ny paositra sy ny tranom-printim-pirenena.

Hifandanja eo amin'ny 29,5 Miliara Ariary ny vola miditra sy ny fandaniana vinavinaina amin'ny taona 2020. Izany hoe, arakaraky ny vola hiditra ihany ny vola tokony holaniana.

CADRE III: NY Kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (compte particulier du trésor):

Ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana dia ahitana ny:

1. **Kaontin'ny fampisamboram-bola:** ao amin'ny Kaontin'ny fampisamboram-bola no ahitana ireo vola ampindramin'ny Fanjakana Foibe amin'ireo sampandraharaha na orinasam-panjakana hafa.
 - Ny vola midtra dia ireo famerenam-bola ataon'ireo orinasa nisitraka izany findramam-bola izany teo aloha.
 - Ny vola mivoaka dia ireo vola ampindramina. Ato amin'ny PLFI 2020 dia ny «provision» ho an'ny «prêts garantis» no ao izay mitentina 13,5 Miliara.
2. **Kaontin'ny varotra:** ny fandoavana ny fisotroan-dronono izay mitontaly 756,0 Miliara Ariary no mandrafitra io kaonty io.
3. **Kaontin'ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana amin'ny renivola amin'ny orinasa (participation de l'Etat):** dia hitontaly 294,1 Miliara ka:
 - 108,9 Miliara ny fampiakarana ny renivola amin'ny orinasa eto an-toerana, izay hananan'ny Fanjakana petra-bola, (SECREN, Banky, ...) ao anatin'izany ny 74,5 Miliara Ariary hanaovana ny «récapitalisation BFM».
 - 185,2 Miliara Ariary ny fandraisana anjara amin'ny renivola (participation en capital) amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena (toa ny FMI, BAD,)

CADRE IV: Ny «Fonds de contre valeur»:

- Ny vola mety ho azo avy amin'ireo tamberim-bidin'ny entana azo avy any ivelany dia 1,5 Miliara (mahakasika indrindra ny «dons» omen'ny «Japonais»).
- Ny tetikasa hotanterahina avy amin'ireo fanomezana ireo kosa dia hitontaly 7,1 Miliara amin'ny taona 2020.

CADRE V: Ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakana (opération en capital de la dette publique)

Rehefa natao ny vinavina amin'ny vola miditra rehetra sy ny fandaniana mety atao (cadre I, II, III, IV) dia hita fa betsaka lavitra ny fandaniana raha oharina amin'ny fidiaram-bola. Mba ahafahana manentsina ny fatiantoky ny tetibolam-panjakana ka ahafahana manatanteraka ny programan'asan'ny Fanjakana Foibe dia tsy maintsy mitady fidiram-bola hafa hamenoana ny banga. Izany hoe, tsy maintsy miditra amin'ny fisamboram-bola na avy any ivelany na ato anatin'ny ihany.

Ireo mahakasika ny findramam-bola ireo no anatin'ity CADRE V farany ity. Ao anatin'ity tetibola 2020 ity izany dia ahitana:

- Ny fidramam-bola avy eto an-toerana izay ahatratra 3 515,5 Miliara Ariary ny fitrosana ao anatin'ny alalan'ny fanaovana:
 - «Bon de trésor»
 - Fangatahana «avance» amin'ny Banky Foibe

Ankilan'izay famerenana ireo vola nindramina teo aloha dia mitontaly 3 110,0 Miliara.

- Ny findramam-bola avy any ivelany dia 2 434,8 Miliara Ariary entina indrindra hamatsiana tetikasa (projet) ary mahatratra 294,9 miliara Ariary ny renivola haverina amin'ny taona 2020

Taorian'izay rehetra izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy ny fanamarihana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA:

- 1- Nampiakarina ny tetibola natokana ho an'ireo Governora, fa ho an'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana hafa kosa aiza ho aiza ny fampiakarana ny tetibola ho azy ireo ary ankoatran'ny tetibola, mihevitra ve ny fitondran-panjakana ankehitriny, hanome ny hoenti-manana ho an'ny Vondrom-bahoaka miainga any amin'ny Kaominina ary miampita any amin'ny Faritra satria betsaka ny olana hafa tokony hatrehina izay azo vahana eny ifotony raha mametraka ny fitsinjaram-pahefana tena izy?
- 2- Efa voarakitra ao anaty «tablette» ve ny famintinana nentin'Andriamatoa Minisitra teo?
- 3- Moa ve efa tafiditra ato anatin'ity Volavolan-dalàna momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2020 ity ireo hevitra natsakaina ifotony nandritra ny «Conférence budgétaire» natao farany teo?
- 4- Rehefa manazava ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE) dia tokony ho taratr'io ve ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2020?
- 5- Mikasika ny tsindrin-ketra, voalaza teo fa ny any ivelany ary oharina amin'izany «Mali», fa mahatratra 17% ny taha tsindrin-ketra. Isika koa izao hiezaka ny hahatratrarana ny 11%. Teo amin'ny Fikambanana ohatra dia betsaka ny «transfert» izay tsy mazava ny fampiasana azy. Anisan'izany ny valim-pankasitrahana isankarazany izay miompampana ho an'ireo mpiasam-panjakana eo amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary ny Toe-karena. Mety hisy ve ny fanovana izany valim-pankasitrahana isankarazany izany?
- 6- Miresaka “transfert” ihany, mikasika ny vola alefa any amin'ny CENI. Mitaintaina foana ny vahoaka mikasika ny lisi-pifidianana ary betsaka ny fanamarihana ataon'izy ireo. Tamin'ity fifidianana Ben'ny Tanàna ity dia Mpianatra eny amin'ny Oniversite no nampandraiketan'ny CENI ny fanisana, hatramin'izay anefa dia ny Sefom-pokontany ihany no nanao izany ary mahavita izany antsakany sy andavany izy ireo satria mitoetra eo amin'ny Fokontany, fa tsy mandalo na mivahiny. Efa nolaniana teto anivon'ny Antenimierampirenena ny fanondrotana ny tambin-karaman'ny Sefom-ponkotany, ka efa tafiditra ato anatin'ity Volavolan-dalàna momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2020 ity ve ny fampiharana izany fampiakarana izany?
- 7- Mikasika ny fanampiana ara-tetibola (aide budgétaire), ny taona 2019 dia 1 745,7 Miliara Ariary, nihena ho 1 474 Miliara izany ho amin'ny 2020. Mety ho ny fampiakarana ny vola miditra ve no nahatonga an'io?
- 8- Tsy tena mazava ny politikan'ny Minisitara amin'ny fampiakarana ny tahan-tsindrin-ketra. Tsikaritra fa tsy tsapan'ny Malagasy ny vokatry ny hetra naloany. Faharoa, tamin'ny andron'Andriamatoa RAMANANTSOA Gabriel, Filohampirenena teo aloha dia nofoanany ny hetra ka raiki-tapisaka teo amin'ny vahoaka ny tsy fandoavan-ketra izay ilaina fampatsiarovan-tena ihany. Eo koa ny fahabetsahan'ny kolikoly eo anivon'ny sampandraharahan'ny hetra; lasa ny tsy ara-dalàna no ialokalofana, ka izay manao ihany no voavely kibay. Tsy tokony mila fanentanana ve ny olona amin'ny fandoavan-ketra?
- 9- Mikasika ny CLD, manahirana ny Solombavambahoaka ny famehezana azy io. Tsy azo hamoraina na tsotsorina na harahi-maso bebe kokoa ve?
- 10- Mikasika ny fampanantenan'ny Filohan'ny Repoblika: rehefa mahita ny olana mianjady amin'ny olona eny ifotony ny Filoha dia tsy miandry ela fa mandray fanapahan-kevitra avy hatrany. Aiza ho aiza ny fomba handrindrana azy ireny indrindra ny fandaharana ara-pahamehana amin'ny fanatanterahana io fampanantenan'ny Filoha io?

Manana ny toerany ve izy ireo ary moa ve voarain'ny Governemanta avokoa izy ireny satria manontany ny Solombavambahoaka ny vahoaka hoe: aiza ho aiza ny fanatanterahana azy ireny? Misy rohy mazava ao anaty tetibola ve ireny fampanantenana ireny ka sao maharatsy endrika ny Filoha?

- 11- Mazava tsara ny fanazavana anefa na vita aza ny fifidianana Kaominaly, ho sahirana izay Ben'ny Tanàna voafidy eo satria efa enina amin'ny folo (16) volana no tsy nahazo ny tambin-karamany ny mpiasan'ny CU Fianarantsoa. Tsy ampy ny vola CLD koa iza no handoa io tambin-karama io?
- 12- Momba ny tsindrin-ketra: araka ny antontan'isa navoakan'ny INSTAT, mahatratra 90% ka hatramin'ny 93% ny asa fihariana tsy ara-dalàna eto Madagasikara. Raha afaka atao 11% ny tsindrin-ketra, miampy ny fisintonana ireo tsy manara-dalàna (informel), mety tsy hila fanampiana intsony isika. Koa inona no politika hoentina hisintonana ireo tsy manara-dalàna (informel) izay betsaka raha eto Afrika?
- 13- Ireo ihany ve no fepetra ara-ketra noraisina?
- 14- Nahoana no tsy nisy votoatin'ny Volavolan-dalàna mahakasika ny LFI 2020 izay ahitana Famelabelarana ny antonantony sy ny tovana isankarazany, fa tonga dia fepetra mikasika ny hetra no nodiniana taty ampiandohana?
- 15- Nahoana no nampiakarina ny hetra amin'ny vola miditra eo amin'ny ranom-boankazo, sigara, labiera fa tsy voakasika ny fanafarana "pâtes", savony, simenitra, solika... ? Ny haba 8% ve mbola misy haba amin'ny tataom-bidy 20%?
- 16- Ahoana ny fitsinjarana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana? Ohatrinona no mankany amin'ny mpiasan'ny Hetra, ohatrinona no mankany amin'ny kitapom-bolampanjakana?
- 17- Nisy fanazavana tamin'ny maraina tamin'ny «slide» mahakasika ny fampidinana ny taham-pakan-ketra amin'ny vola miditra eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy/na fanabeazana; kanefa rehefa novakiana ny fepetra Andininy faha-01.01.03 dia milaza fa ny fanafahana ara-ketra dia tsy mihatra amin'ireo vola miditra azon'ireo mpisehatra amin'ny fahasalamana sy fanabeazana. Misy fepetra hafa ve milaza izany fampidinana taha-pakan-ketra izany? Mba afaka omenareo "grille de lecture" ve izahay ahafahanay mamaky ity PLFI 2020?
- 18- Afaka hazavaina ve ny hoe "entités visées" na fikambanana voalaza? Iza avy izy ireo?
- 19- Any amin'ny "slide" ny hetra avy amin'ny fahazoan-dalana mikasika ny alikaola sy ny vokatra misy alikaola dia milaza fanafoanana ny fanafarana sy ny fivarotana ambongadiny sy antsingarany "ethanol" fandrehitra, kanefa ao amin'ny andininy faha-10.06.06, teboka faha-11 dia tsy milaza izany fanafoanana izany. Misy fepetra ankapobeny ve mamaritra io resaka fanafoanana io?
- 20- Eo amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, azo hazavaina misimisy ve ny fampiakarana 10% eo amin'ny seraseram-pifandraisana ara-pinday? Misy maridrefy ve azo andrefesana ny fiantraikany, inona no tombony ho an'ny Malagasy?
- 21- Nampiakarina ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana eo amin'ny ranom-boankazo, labiera sns...ohatrinona ny teo aloha, ohatrinona ny ato anaty PLFI 2020? Naninona ny savony, sigara, menaka, ny "lubrifiant", ny "pâtes" sy ny menaka sakafo tsy nasiana fanovàna kanefa isika te-hampiakatra ny vola miditra amin'ny Fanjakana? Niaro ireo orinasa misy eto amintsika ve isika, izay fantatra fa mitondra "valeur ajoutée" na sanda miampy manketo Madagasikara?
- 22- Vokatra amidy eto Madagasika ny "pâtes", betsaka ny mamokatra izany eto an-toerana izay misy "valeur ajoutée"; na ny mpiasa na ny "électricité".

Ny “pâtes” sy ny savony avy any ivelany, naninona no tsy nampiakarina mba hahatonga ny orinasa any ivelany hipetraka eto amintsika mba hampisy “valeur ajoutée”?

- 23- Inona no antony nahatonga ireo “opérateur” tsy nampidina ny tolo-bidiny rehefa nahena 8% ny DA alaina aminy? Tsy nisy fifanarahana ve teo amin’ny fanjakana sy izy ireo? Tsy nisy ve ny fanaraha-maso natao?
- 24- Rehefa mihena ny DA, moa ve tsy afaka manao fampiasam-bola ireo orinasa ireo mametraka “pylône” any amin’ny toerana izay mbola tsy misy?
- 25- Mahakasika ny fampianarana eto amintsika dia betsaka ny ivon-toerana fampianarana tsy mahatratra ny fenitra sy kalitao takiana. Eto isika hametraka fanafoanan-ketra amin’io sehatra io. Misy ve «measure d’accompagnement» atao amin’ireny toeram-pitsaboana sy toeram-pampianarana ireny, mba ho ny olona hisitraka izany fanamorana izany no tena hisitraka azy?
- 26- Raha ampitahaina amin’ny vola miditra amin’ny Fadintseranana araka ny tetibolam-panjakana taona 2019, izay nitentina 2 600 Miliara Ariary, ny an’ny taona 2020, izay lasa 3 000 Miliara Ariary. Moa ve ny hosoka no tiana fongorana sa izay tiana no ampiasana ny loko ho mavo na maitso na mena?
- 27- Tsy misy fomba ahafahana manototra io fatiantoka mitentina 39 Miliara Ariary io ve?
- 28- Tamin’ny fotoana nanaovana fifanekena ara-barotra dia noheverina fa ho afaka nanondrana entana betsaka i Madagasikara. Tsy izay anefa no nitranga, fa ny COMESA sy ny SADC ary ny COI no nahazo tombony. Koa na inona na inona izany ireny entana alefa any ivelany ireny dia tsy andoavam-bola mihitsy ve; na fanasiana fanamorana ny fandefasana azy?
- 29- Maninona no 10% no haba alaina amin’ny “pâtes” sy ny sponjy fa tsy 20%?
- 30- Kely ny fiantraikany ho an’ny vahoaka raha 5 Miliara Ariary no vola hiditra amin’ny fanafarana bolabolan-tsavony. Noho izany, misy antony manokana ve ity fanovàna ity? Sao nisy Mpandraharaha savony nanatona manokana ny teknisiana?
- 31- Tsy mety ve raha ampidinina io sandan’ny haba amin’ny tataom-bidy (TVA) 20% io fa ambony loatra?
- 32- Efa nifarana tamin’ny taona 2017 ny fifanarahana natao niaraka tamin’ny GasyNet. Tsy mbola misy fanavaozana izany fifanarahana izany. Tsy aleo ve ny vola ho an’ny Malagasy no entina hampitomboana ny volam-panjakana, sa inona ny tombotsoa mbola itazonana azy?
- 33- Vonona ny Solombavambahoaka hanampy amin’ny fomba hialana amin’ny GasyNet. Avy aiza izany no tokony hiaingana hanavaozana ny votoatin’ny fifanarahana aminy?
- 34- Misy olona manana hery (influent) foana miditra ho mpisehatra ao amin’ny GasyNet isaky ny fitondrana mifandimby. Marina ve izany filazana izany?
- 35- Raha jerena ny fototra mikasika ny lalàna mifehy ny fifanarahana fiaraha-miasa eo amin’ny Fanjakana sy ny Sehatra tsy Miankina dia tokony ho 51% sy 49% ny ampahan-drenivola ampiasaina kanefa 70% ny an’ny GasyNet ary 30% ny an’ny fanjakana. Tsy tokony hampifanarahana amin’io fifanarahana fiaraha-miasa eo amin’ny Sehatra tsy Miankina sy ny Fanjakana io ve ny an’ny GasyNet, ka raha tsy mety dia ajanona?
- 36- Inona no fomba sy fepetra mazava hanamorana ny fampidirana entana izay fanomezana avy amin’ny malala-tànana any ivelany ho an’ny Solombavambahoaka?
- 37- Raha hampiditra fiara tsy mataho-dalana iray ny Solombavambahoaka ho entiny manatanteraka ny asany, mety mahazo fahazoan-dalana amin’ny fampidirana izany tsy andoavan-ketra ve?

- 38-** Nahoana no tsy voafaritra tsara tao amin'ny famelabelarana ny zavatra ho tanterahina amin'ny taona 2020 fa ohatran'ny safosafona daholo ny izy?
- 39-** Inona no mahatonga ny fiakaran'ny vidim-piainana ho 7% amin'ny taona 2020?
- 40-** Inona no fanavaozana nentin'ity tetibola ity amin'ny resaka CLD, efa niakatra avo roa heny ve ny anjaran'ny Distrika manana Solombavambahoaka roa satria 250 Tapitrisa Ariary no anjaran'ny Distrika manana Solombavambahoaka iray, kanefa ireo Distrika manana Solombavambahoaka roa dia miampy 50 Tapitrisa Ariary fotsiny?
- 41-** Ahoana no fomba hanamorana ny fikarakarana ny famoahana ny CLD satria mananosarotra tokoa anay Solombavambahoaka ny fitarazohan'ny fivoahan'ny vola.
- 42-** Inona no fomba fijajiana ny onitra raha ohatra ka misy marina ny 20 Tapitrisa Dolara fa ohatran'ny mihoa-pampana izy io?
- 43-** Moa ve mba tafiditra anatin'io 10% io ny tambin-karaman'ireo Sefom-pokontany, satria sady tara no kely vola raisin'izy ireo?
- 44-** Sao tokony homena tambin-karama ireo filohan'ny Dinabe satria anisany mandray anjara amin'ny fandaminana eny anivon'ny fiarahamonina izy ireny?
- 45-** Aiza ho aiza ny fampiharana ny PGA fa sahirana ny vahoaka miantoraka ny tambin-karama sy ny solon-tsakafon'ireo miaramila mampandry tany?
- 46-** Misy ireo Solombavambahoaka nametraka fanontaniana mikasika ireo lalamby misy eto Madagasikara izay misy «part patronale» sy «part individuelle», ka an'ny fanjakana tanteraka ny fandraisana andraikitra, fa tsy an'i "Madarail" akory. Ahoana no tsy nahitana mihitsy tany amin'ny «réseau sud» fa ny «réseau nord» ihany no nahitana izany?
- 47-** Ohatrinona ny «subvention»-n'ny JIRAMA amin'ny taona 2020, satria raha ny tamin'ny Novambra 2019 fotsiny dia efa misy 48 212 000 000 Ariary ao? Ahoana no fanampiana ny SIRAMA, SUCOMA, SECREN? Ahoana ny ZES sy ny ZEI, mitovy amin'ny «Zone Franche» ihany ve izy ireo?
- 48-** Raha jerena ny sora-bola natokana ho amin'ny fanarenana ny Rova, ny fitsinjaram-pahefana ary ny «caisse de retraite» dia toa mahalasa fisainana ihany, nahoana raha ireo mahantra sy sahirana no asiana maso?
- 49-** Ahoana no ahafantarana ireo «matériel d'utilité publique» ao amin'ireo entana tsy misy «droit de douane» izay avoaka eny amin'ny Fadintseranana satria misy ireo zavatra ilaina nefa dia mbola misy hatrany ny «droit de douane»?
- 50-** Ahoana ny mahakasika ny FIB izay avoakan'ny «Imprimerie nationale»?
- 51-** Ny CLD dia tsy mety hanaovana «apport de partenariat» raha toa ka misy ireo mpamatsy vola te-hanao fiaraha-miasa amina Kaominina iray.
- 52-** Ahoana ny vola 43 Miliara Ariary nomena ny CENI tamin'ny 2019 anefa amin'ny 2020 dia 35 Miliara Ariary no hanaovana fifidianana, kanefa fifidianana izay hataon'ireo mpifidy vaventy fotsiny ihany no hatao amin'io fotoana io, satria raha ny fifidianana Loholona no resahana, ka tsy tokony hafindra toeran-kafa ve ny sora-bola?
- 53-** Mahakasika ireo «coût de participation» aloa amin'ireo «organismes internationaux» dia tokony ho «systématiser»-na ve sa ho «prioriser»-na ny fandoavana latsakemboka satria matetika, vola kely fotsiny kanefa tsy voaloha.
- 54-** Ireo entana afaran'ny fanjakana toy ny solika sy ny entana ilaina isan'andro ve misy vola miditra amin'ny Fadintseranana.
- 55-** Tsy misy fiantraikany amin'ny «budget de l'Etat» ve io «subvention spéciale» io?
- 56-** Maninona ny «fonds de contre-valeur» no tsy maintsy atao ohatran'io?
- 57-** Nahazo famatsiam-bola avy amin'ny BAD isika, efa tafiditra ato amin'ity Volavolan-dalàna ity ve izany?

- 58- Nanao fanamby ny Governoran'ny Banky Foibe hoe haverina indray ny «réserve d'or», ahoana izany amin'izao?
- 59- Inona no fepetra noraisina mahakasika ireo «compte de commerce» nofoanana?
- 60- Ire ny vola vahiny tratra miditra sy mivoaka antsokosoko ireny ve miditra any anaty kitapom-bolam-panjakana ihany koa?
- 61- Momba ny lalam-pirenena amboarina: iza no mandray ny ambim-bola tsy lany tamin'ny fanamboaran-dalana?

VALIM-PANONTANIANA:

- 1- Efa eo ampijerena ny fanatanterahana ny fampiharana ny rafitra itsinjaram-pahefana satria sady manitsy no mitondra fanovàna eo amin'ny lafiny tetibola hatramin'ny 27 Desambra 2019 no ahafahana manomana ny fandraiketana samihafa.
- 2- Efa voaraikitra ao anaty «tablette» ny Volavolan-dalàna mahakasika ny LFI 2020.
- 3- Amin'ny maha Solombavambahoaka ny Solombavambahoaka, izy ireo no miara-miasa mivantana amin'ny fitondram-panjakana eo amin'ny fanatanterahana ny asa rehetra novolavolaina nandritra ny «conférence budgétaire», ohatra eo amin'ny fanamboarana tetezana, sns Kelikely ny vola natokana ho an'ny CCPREAS tamin'ity.
- 4- Miara-dia ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE) sy ny Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakana mandritra ny dimy (05) taona satria io lalàna io no mamaritra ny laharam-pahamehana.
- 5- Hetra zaraina amin'ny HAF no manome ny tsindrin-ketra (11%), any ivelany ohatra mahatratra 16% ny tsindrin-ketran'i «Rwanda» efa tena ezaka be izany, tamin'ny 2008 13,3% izany, «Sénégal» 16,2%, Afrika Atsimo 25% ary «Tunisie» 33%. Noho izany, tokony hamporisika ny olona handoa hetra ny Solombavambahoaka satria na dia 1% aza ny fitomboana dia efa zava-dehibe. Tena miasa ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fitantanambola sy ny Tetibola ary ny Toekarena, ka mendrika omena valim-pankahasitrahana. Mampiakatra ny volam-panjakana ny asan'izy ireo. Marina anefa fa misy ireo tsy miasa sy mangalatra.
- 6- Tsy azon'Andriamatoa Minisitry idirana ny resaka CENI. Toy ny olona rehetra, misy amin'ireo Sefom-pokontany no miasa sy tsy miasa. Hisy ny fandaminana hatao rehefa mandray ny asany ny Ben'ny Tanàna sy ny Mpanolotsaina.
- 7- Mikasika ny fanampiana ara-tetibola «aide budgétaire», misy firenena tsy mahazo fanampiana. Ohatra, "Congo" izay firenena tsy dia misy tahan-tsindrin-ketra satria 12,5% ary ny fanomezana, zara raha misy ny azy. Midika izany fa tsy dia ratsy loatra mihoatra ny firenena hafa ny antsika satria misy ny ezaka eo amin'ny fampiakarana eo amin'ny tahan-tsindrin-ketra ary miaraka amin'izany ny «aide budgétaire». Nahoana no nahena izy io, satria tsy azo atao ny mamitaka ny Filohan'ny Repoblika sy ny Solombavambahoka, satria ny zavatra fantatra sy ny voasoratra ary ny fampanantenana ihany no azo hifampitsarana. Tsy midika akory izany, fa tsy hahazo fanampiana mihoatra io isika amin'ny taona ho avy. Tena mety hahazo mihoatra isika satria firenena milamina.
- 8- Mety tsy ho hita taratra ary tsy hiantefa amin'ny vahoaka ny vokatry ny hetra naloany noho ny tsy fandoavan-ketran'ny hafa. Amin'ny taona ho avy, asiana fanazavana mikasika ny hetra aloa ao ambadiky ny taratasin-ketra. Nahoana no tsy maintsy aloa io hetra io? Ny mampalahelo ihany koa, misy ireo olona tsy mandoa hetra amin'ny vola miditra, voamarina izany amin'ny antontan'isa, fa misy ny mitady hevitra tsy handoavana hetra amin'ny maha olom-pirenena azy. Hisy ny fepetra kely mety horaisina amin'ny herintaona na ny taona 2021.

Tsy fantatra izay hetra nofoanan'Andriamatoa RAMANANTSOA Gabriel tamin'ny fotoan'androny, ka ho sarotra ankehitriny ny hanafoana ny hetra efa mipetraka satria vao maika hisy fiantraikany amin'ny fanangonana ny hetra izany.

- 9- Tena ilaina ve ny hisian'ny fomba fanaraha-maso ny CLD. Ny firenena Danimarka no voalohany amin'ny fandoavan-ketra (54%). Tambin'izany, madio ny lalana, tsara ny fampianarana. Midika izany, fa mahafeno ny fenitra amin'ny maha firenena mandroso Danimarka. Eto amintsika tokony hojerena akaiky ihany ny fanaraha-maso ho fifampitaizana; na CLD io na Minisitera.
- 10- Momba ny fampanantenan'ny Filoha: misy tokoa ny maridrefy nangatahin'ny Filohampirenena ary mampahatsiahy foana izy isaky ny fivoriana, mba ho hita taratra amin'ny fomba fiasan'ny Governemanta izany. Efa misy lisitra any talohan'ny fihodinana voalohany sy nialoha ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana Filohampirenena. Ekena fa tsy ho vita ao anatin'ny herin-taona na roa taona na dimy eny na ho folo taona aza.
- 11- Tsy ny karaman'ny mpiasan'ny CU Fianarantsoa ihany, fa betsaka ny trosa vary mangatsiaka tokony haloa. Hatramin'ny taona 2013, misy vola tokony haloa eo amin'ny sehatry ny fampianarana. Eo koa ireo vola tsy naloan'ireo nitondra teo aloha. Tsy ifanomezan-tsiny saingy tsy maintsy hojerena ny handoavana azy. Araka ny politikan'ny fitondram-panjakana, ireo trosa vary mangatsiaka rehetra amin'ity taona 2019 ity dia tsy maintsy aloa, fa manomboka tamin'ny taona 2018 noho midina dia mbola halamina. Toy ny CNaPS izay tsy maintsy manao drafitra fanarenana (plan de redressement) vaovao.
- 12- Fanamby tsy maintsy iarahana mamaha ny resaka tsindrin-ketra. Mety hahazo mihoatra an'io tsindrin-ketra io isika, ka tokony hifanome tana amin'ny fandoavan-ketra. Ampahany vitsy amin'ireo 90% ka hatramin'ny 93% ireo no mandoa ny hetrany. Misy manana trano sy fiara tsy mataho-dalana maro anefa tsy misoratra amin'ny fitakian-ketra. Marihina fa efa mihatra ny lalana mikasika ny fananana tsy ara-dalana (avoir illicite). Hisy lalana mikasika ny banky eto Madagasikara haroso ety amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona. Iray ihany sisa no banky marefo, fa ny sisa efa mahatratra 56 Miliara isan-taona izay vola tokony hampidirina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izay. Taizaina hatoky ny banky ny olom-pirenena. Ireo tsy manara-dalana dia tokony hisitraka ihany koa ny tombotsoa azo avy amin'ny banky.
- 13- Eny, ireo ihany no fepetra araka ny lalana raha amin'ity taona ity. Mazava ny tanjona amin'ny fampidiram-bola amin'ny hetra, 4 029 Miliara Ariary izany, fa misy kosa ny fepetran'ny fitantanana izay tsy atolotra eto amin'ny Antenimierampirenena.
- 14- Ny Volavolan-dalana rehetra dia ahitana famelabelarana ny antonantony, milaza ny ambaratonga rehetra ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Mandeha ilany ihany anefa ny famakiana ny Volavolan-dalana satria ny hetra anatin'ny ihany no tonga aty aminareo; sady ny andraikitray dia ny famelaberarana ny momba ny hetra ihany.
- 15- Misy ny "service des régimes spéciaux" mijery ny fiovaovan'ny DA sy ny vokatry rehetra, ka ny fanadihadiana natao no namoahana fa efa ela no tsy nisy fiakarana. Raha tamin'ny 2006 no 25Ar/l ny DA alaina amin'ny ranom-boankazo, rariny raha tokony hampiakarina izany amin'ity PLFI 2020 ity. Fanampin'izany, araka ny fihainoana ny soso-kevitra ny OMS amin'ny voka-dratsy ateraky ny zavatra mamy sy ny alikaola ary ny sigara eo amin'ny fahasalamana no anton'io fiakarana io. Mahakasika ny sigara dia akana 1 390 Ar isaky ny fonosana izay ahitana sigara 20. Ny "pâtes" mbola tsy nojerenay, fa afaka ataonay ny fikarohana mba hampidirana azy ao anaty DA raha mahazo alalana avy amin'ny lehibenay izahay.

- 16-** Ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia miditra tanteraka anatin'ny kitapom-bolam-panjakana, fa ny sazy no miditra amin'ny mpiasan'ny hetra.
- 17-** Mahakasika ny “grille de lecture” dia afaka manome momba ny fivoaran'ny taha manaraka ny fotoana izahay.
- 18-** Ny nahatonga ny fametrahana ny hoe “entités visées” na fikambanana manokana dia maro ny “demande d’interprétation” tonga ao amin'ny DGI.
- 19-** Raha mamaky isika dia tsy hita ao tokoa izany, mahazo matoky ianareo, fa ao izay.
- 20-** Nisy ny fampidinana anio taha io tamin'ny 2019, 10% ho 8%. Tsy nisy fiantraikany tamin'ny vahoaka anefa ny fampidinana, ka voatery naverina ho 10%. Ny vola hampidirina dia noeritreretina ho 10 Miliara Ariary amin'io fampiakarana taha ho 2% io.
- 21-** Napetraka ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania ho an'ny vokatry lafo vidy na ireo vokatry manimba ny fahasalamana. Raha hiaro ny orinasa eto an-toerana isika dia tsy any amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) no ametrahana izany. Hatreto aloha dia mbola tsy nanisy DA ny “pâtes”, solika, savony, simenitra izahay.
- 22-** Tsy misy valiny.
- 23-** Tsy afaka raisina ho vokatry lafo vidy ny finday. Tsy nisy ihany koa ny fifanarahana tamin'ireo “opérateurs” amin'ny resaka “donnant-donnant”. Mikasika ny fanaraha-maso dia tsy nanao izahay satria ny eto Madagasikara dia tsy manana “système déclaratif”, ka izay fampahafantarana na “déclaration” eo amin'ny serasera no arahina. Ny fitantanandrahara eto amintsika dia tsy manana fitaovana hahafantarana ny “data” sy ny vola maty nataon'ny fikambanana iray, fa eo andalam-pikarohana izahay miaraka amin'ny ARTEC mba hahazoana ny hadirin'ny fifandraisana.
- 24-** Mahakasika ny “pylône”, ny fanjakana dia efa nametraka izany, niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra izay mitentina ho 80 Miliara Ariary any ho any ny vola lany. Io zavatra io anefa hampiasain'ny “opérateurs”, fa tsy ny fanjakana, kanefa dia mbola tsy nisy ny fiantraikany mivantana eo amin'ny vahoaka.
- 25-** Marina mihitsy fa betsaka ny ivon-toerana fampianarana misy eto Madagasikara. Mba hampanaram-penitra azy ireo no nametrahana io fomba manokana io. Koa alohan'ny hampidirana ny olona ao anaty fomba manokana io dia tsy maintsy mangataka fahazoandalana any amin'ny DGI izy ireo.
- 26-** Tsy nisy valiny.
- 27-** Nisy fomba fandinihana lalina natao nialohan'ny fanolorana ny Volavolan-dalàna, fa tsy nohamaivanina sanatria. Ny ho fahaverezan'ny haban-tseranana mitentina 39 Miliara Ariary vokatry ny fifanarahana natao tamin'ny Fiombonam-be Eoropeana mikasika ny entana avy any Eoropa dia tsy azo ialana. Mila manao safidy anefa rehefa handray fanapahan-kevitra.
- 28-** Ny fanaovana fifanekena ara-barotra dia ny Solombavambahoaka no mandany sy manao sonia izany. Saingy tsy afaka miaro tena foana isika Malagasy noho ny fahalemen'ny toerana misy antsika manoloana ireo firenena efa mandroso. Tsy tsara ho antsika ny fisian'ny “Zone franche” sy ny AGOA noho ny tsy fahampian'ny fandrindrana sy ny fizohiana ny asan'izy ireo. Departemanta iray no misahana ny fikarakarana ny fizohiana ny asa vita, ka tsy maharaka. Anjaran'ny Solombavambahoaka no manao ny fizohiana raha araka ny tokony ho izy. Hita koa hatreto, fa tsy ahazoana tombony ny fidirana ho mpikambana tao amin'ny SADC sy ny COMESA; kanefa raha miala amin'ny Fiombonam-be Eoropeana koa dia ho sahirana ny Malagasy.
- 29-** Tsy nisy valiny.

- 30-** Tsy misy antony manokana ny fampiakarana ny haba alaina amin'ny bolabolan-tsavony. Tery omby ririnina, natao tsy hahafaty ny rehetra ary tsy resaka ambony latabatra. Fitsinjovana ny Mpandraharaha ihany izy ity ary mety hiakatra koa ny karama farany ambany, ka ho zakan'ny olona foana izany. Ambany ny vola miditra amin'ny hetra (recette fiscale) mihoatra amin'ny an'ireo firenena manodidina antsika; 20% ny bolabolan-tsavony any ivelany ka mahatonga ny antsika hampiakarina ho 20% ihany koa. Ny fanampiana 10% ny haba dia tsy hisy fiantraikany be loatra eny an-tsena. Natao hisintonana ny mpampiasa vola izany. Raha ajanona ho 10% ny haba dia ny sandan'ny bolabolan-tsavony indray no hakarina. Marihana fa tsy nisy Mpandraharaha momba ny famokarana savony nanatona manokana ny teknisianin'ny Fadintseranana.
- 31-** Tsy nisy valiny.
- 32-** Fifanarahana ara-potoana tsy voafetra ny an'ny GasyNet, ka fanavaozana fifanarahana no tokony natao tamin'ny taona 2017. Sarotra ho an'ny Fadintseranana ny manao «support» amin'izao fotoana izao, toy ny “scan”, “laboratoire”, sns Noho izany, tsara raha hampandraiketana sehatra tsy miankina ihany ny fanaovana izany, na ho GasyNet na tsia. Ny “support” dia hialana amin'ny sazy (pénalisation) mavesatra.
- 33-** GasyNet no miantoka ny fisandana ny sara sy haban'ny entana, fa ny Fadintseranana kosa no miantoka ny famerenam-bidy (redressement de valeur). Efa manana anjara toerana lehibe ny GasyNet ao amin'ny Fadintseranana ka mila fitandremana.
- 34-** Tsy afaka ny hamaly ny fanontaniana satria sady tsy mahita no tsy manana porofo amin'ny fisian'ny olona manana hery (influent) miditra ho mpisehatra ao amin'ny GasyNet isaky ny fitondrana mifandimby.
- 35-** Misy tokoa ny lalàna fototra (base), Lalàna laharana faha-2015-039 tamin'ny 3 Febroary 2016 izay mamaritra ny fifanarahana fiaraha-miasa eo amin'ny Fanjakana sy ny Sehatra tsy Miankina. Koa raha io lalàna io no fototra itondrana azy ary ny venty (unité) ao no manamarina ny tsy fetezany dia ny “Conseiller Principal” no manajanona azy ary mety ho fiaraha-miasa tsotra fotsiny no hatao. Tany aloha, ny SGS no nanana ny ampahan-drenivola betsaka tao amin'ny Fadintseranana (70%) ary 30% ny an'ny fanjakana. Izy no nanome ny anjarany ho an'ny GasyNet amin'ny mahamaro an'isa azy, ka nahatonga io taha io tsy niova. Tsy mety ny fanajanonana ny GasyNet avy hatrany satria ny mahaizy azy ny mpiasa ao aminy no ho voakitika. Sivy (09) Miliara ny tombom-barotra azony, ka raha sanatria ho faty toa ireo Orinasam-panjakana hafa dia hanahirana.
- 36-** Nahazo fanamarihana maromaro ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana noho ny fanarahany ny lalàna velona mamaritra ny fandoavana haba amin'ny entana izay fanomezana avy any ivelany. Mipetraka foana ny vinavina sy tombatombana any amin'ny Fadintseranana mikasika ny haba haloa amin'ny entana fanomezana avy any ivelany. Raha vonona ny fanjakana dia entina eto amin'ny Antenimierampirenena izany mba handaniana azy. Marihana anefa fa betsaka ny vola ho very raha mitombo ny karazana entana hisitraka ny tsy fandoavana haban-tseranana.
- 37-** Sarotra ny hanome fahazoan-dalana amin'ny fampidirana fiara tsy mataho-dalana ho an'ny Solombavambahoaka, ka tsy andoavana haba; na ny mpiasan'ny Fadintseranana aza efa tsy misitraka izany intsony.
- 38-** Sori-dalana no natao teto fa tsy ny asa hotanterahina amin'ny taona 2020.
- 39-** Miatrika fampiasam-bola maro amin'ny taona 2020. Izay no mitarika ny fiakaran'ny vidim-piainana, fa rehefa miakatra ny harin-karena dia mihena ho azy io fiakaran'ny io.
- 40-** Mbola tsy misy ny rijan-teny mamaritra ny fiakaran'ny fanampian'ny fanjakana ny Kaominina, ka tsy maintsy ny rijan-teny teo aloha ihany no ampiharina.

- 41- Efa nisy drafitra nomen'Andriamatoa Praiminisitra harahina hanamorana ny famoahana ny vola.
- 42- Efa misy fomba fikajiana ampiasaina amin'ny toe-javatra tahaka izao, izay tsy eto ampelan-tànanay amin'izao fotoana izao.
- 43- Tsy tafiditra anatin'ny fiakaran'ny «indemnité» 10% io ny tambin-karaman'ireo Sefom-pokontany ireo, fa any amin'ny «transfert» izay ataony Minisiteran'ny Atitany no mijery azy.
- 44- Raha toa ka misy «cadre réglementaire» dia azo atao izany; na afaka miainga avy atỳ aminareo mpanao lalàna ny tolo-dalàna, fa tatitra no anjarany teknisiana mankany amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.
- 45- Tsy mifanaraka amin'ny asa ataon'ireo mpampandry tany ny vola 5 000 Ariary omena azy isan'andro izay atao ho solon-tsakafo, izay mahatonga azy manao ny tsy fanao.
- 46- Hojerena ireo antontan-taratasy tonga eo amin'ny «finances» sy ny «proposition technique» hatao manoloana an'izany olana mikasika ny lalamby eto Madagasikara izany.
- 47- Raha mikasika ny famatsiana ny JIRAMA amin'ny 2020 dia «subvention échéance de paiement» fotsiny no tamin'ny Novambra 2019, fa mbola mihoatra an'io ny Desambra 2019; mba hamafana ny trosa fotsiny satria dia tafakatra 500 Miliara raha ny tamin'ny volana Jona 2019 izany ary nisy fifanarahana tamin'ny fanjakana sy ny JIRAMA. Efa misy ny teknika entina hamaritana ny tetibola hanarenana ny JIRAMA izay mizara roa: «redressement global» sy «redressement détaillé», ka ao anatin'ity «redressement détaillé» ity dia ahafahana mamaritra ny tetibola natokana ho an'ny JIRAMA. Tsara ho marihana anefa, fa tsy mbola voafaritra ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity ny tetibola natokana ho an'ny JIRAMA. Izany anefa tsy midika hoe tsy hanao ny fanjakana, fa aleo apetraka anaty antontan-taratasy mazava tsara izany, mba hisian'ny mangarahara amin'ny taona ho avy sy aorian'izany, ka any amin'ny Volavolan-dalàna manitsy ny tetibolam-panjakana isika no mahita azy. Mikasika ny SIRANALA izay any Analaiva-Morondava dia Sinoa no nomena azy, tamin'ny 2014 dia nisy ny olana sy ny fanapotohana azy. Manao fifampiraharaha amin'ireo Sinoa ireo ny fanjakana Malagasy amin'ny fanarenana azy io. Ny SIRAMA kosa izay any Brickaville sy Nosy-Be dia tsy nihodina hatramin'izao, ny "Compagnie Vidzar" no mitantana azy hatramin'ny 2015 ary mbola hifampiraharaha ihany koa amin'izao. Mikasika ny SECREN kosa, sahirana ny fanjakana amin'izao satria izy io dia mbola tokony hampidi-bola ary mitady hevitra hampandehanana azy; 4,2 Miliara Ariary no hampihodinana azy ary 7,7 Miliara Ariary no vola ho an'ny Sosiahy. Mbola haverina ireo vola ireo ary ny Tahirim-bolam-panjakana no mifampiraharaha aminy.
- 48- Tsy nisy valiny
- 49- Amin'ny alalan'ny Didim-panjakana no hamaritana ireo entana tsy mandoa «droit de douane» fa ireo «matériel agricole» kosa dia fantatra fa tsy mandoa izany ary hita ao amin'ny tranokalan'ny «Direction de Douane» izany. Mety ho TVA fotsiny no alaina raha hisy. Lava be ny dingana arahina amin'ny fangatahana ny fanalàna ny «droit de douane» ary mila fanapahan-kevitra amin'ny Filankevitry ny Minisitry ny hampisehoana azy mba ho fanasoavana ny vahoaka, avy eo vao ampisehoana eny amin'ny Fadintseranana ny Didim-panjakana.
- 50- Ny «Imprimerie nationale» dia miasa amin'ny alalan'ny «bon de tirage» ihany, fa ny fampiasana sy ny fanakaikazana ifotony ho an'ireo mpanjifa sy ireo mpampiasa azy no hita fa misy olana.

- 51- Maro ireo soso-kevitra entina hanatsarana ny fitantanana ny CLD, fa mbola haravona izany ka entina eny amin'ireo voakasik'izany ary asiana «assouplissement d'exécution» ny fampiasana azy.
- 52- Azo lazaina nihena io tetibola io, fa any amin'ny Volavolan-dalàna manitsy ny tetibola isika no mamindra azy raha toa ka ilaina izany.
- 53- Anjaran'ny Minisitery voakasika no manao azy sy mandoa azy.
- 54- Noho ny olana mateti-pitranga tato ho ato eo amin'ny resaka solika no nahatonga ny fanjakana nandray io fepetra io, fa raha ny lalàna velona dia tsy mbola ahitana izany raha tsy hikitika na hanova lalàna mihitsy angamba isika momba ny fanafarana entana. Mandoa vola amin'ny Fadintseranana ihany ny fanjakana ary misy vola efa natokana ho amin'izany ary tsy manova ny vola miditra aminy izany.
- 55- «Subvention de fonctionnement» sy «subvention d'investissement» ihany no misy amin'izao, fa tsy misy intsony ny «subvention spéciale»; misy didy sy «organe de contrôle» mifehy azy io.
- 56- Rehefa ny fanjakana Japoney no manao «opération de fonds de contre-valeur» dia tsy maintsy atao ohatran'io, ka ny zavatra omeny no atakalo vola avy eo.
- 57- Misy «rapport de coopération», alaina ao amin'ny Primatiora ny «donnée» momba ny vola azo avy amin'ny mpamatsy vola «bilatérale ou multilatérale».
- 58- Ny Banky Foibe dia manao ny «politique monétaire», fa ny Minisitery kosa dia manao ny «politique budgétaire», ka izy ihany no mamaritra ny zavatra ataony.
- 59- Efa misy ny «guichet unique» napetraka mikasika ireo «recette non fiscale» isaky ny Minisitery ary «en réseau» izany ho an'ireo nanana ny «compte de commerce» teo aloha. Ny fanaovana «passeport» sy ny «carte de résident» no tena lehibe amin'izy ireo; ary ny «mine» dia asiana «guichet unique» ihany koa.
Telo volana amin'izao no nandraisan'ny Fitatanam-bolam-panjakana izany ary efa misy fahatsarana izy amin'izao.
- 60- Arotsaka ao amin'ny kitampom-bolam-panjakana ireo vola ireo ary mbola andoavana lamandy izany.
- 61- Lasa «tomber en annulation» ny vola raha tsy lany ary tsy azo ampiasaina intsony.

FANAMARIHANA:

Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

- 1- Mikasika ny CLD, sarotra loatra fepetra arahina amin'ny famoaham-bola. Faharoa, ireo Governora no mahita ny zava-misy any an-toerana ka mahafantatra ny tokony hampiasana vola omen'ny Filohampirenena sy ny Governemanta. Mitaraina anefa izy ireo fa tsy mbola afaka mampiasa ny vola na dia ariary aza hatramin'izao; na izahay Solombavambahoaka nomena CLD aza dia mitaintaina amin'ny hoe: tsy azonareo ampiasaina intsony ao aorian'ny Desambra; izao ihany no zavatra azonareo atao, anefa raha ny fahalalana ny atao hoe: «décentralisation» dia ny zavatra tian'ny olona eny amin'ny Faritra no atao, fa tsy izay tenenin'ny mpitondra aty ambony, ka mba mangataka aminareo izahay hanamora izany sy hanafaingana ny fampiasana izany fa fanampiana ny fanjakana izany tenenina izany
- 2- Efa nisy fanamarihana nolazain'ny Depiote teto ny fomba fandraisan'ny Minisitry ny Solombavambahoaka, ka mba azo fantarina ve misy fotoana indray mandeha isam-bolana na indray mandeha isan-kerinandro; manao ahoana ny fomba ahafahana mifanakalo hevitra satria nisy Solombavambahoaka iray efa intelo no nanao fangatahana kanefa tsy nahazo.

- 3- Misy fampiasam-bola maro voalaza hataon'ny fitondram-panjakana. Sahirana ny Solombavambahoaka rehefa tafaverina eny amin'ny Distrika misy azy. Manantena ny vahoaka fa ho an'isan'ireo hisitraka izany fampiasam-bola izany izy ireo, toy ny fahazoana efitrano fianarana, Toeram-pitsaboana Fototra (CSB), sns Noho izany, ilaina mazava izany rehefa ho entina eny amin'ny vahoaka.
- 4- Mikasika ny «Conférence budgétaire» izay nampahafantarin'Andriamatoa Minisitra teo hoe anisan'ny tamin'ity taona ity: nisaotra ny Minisitra ny Solombavambahoaka tamin'ny ezaka efa natao sy mbola hatao, fa nampatsiahiviny kosa fa betsaka ny Solombavambahoaka no tsy voaantso sy tsy afaka nanatrika ireny, anisan'izany ny tenany ka manaitra izy fa rehefa hanao ihany dia aleo manao zavatra tsara mba hahitana vokany miainga avy any ifotony.
- 5- Ny Volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana dia jerena amin'ny ankapobeny, tokony ho izy manontolo no voarain'ny Solombavambahoaka, fa tsy mety ny mandeha tsikelikely kanefa misy mahatsara azy ihany satria ahitana ny tena mikasika ny hetra.
- 6- Misy fepetra ihany ny fandaniana ny tetibola indrindra eo amin'ny tetiandro. Araka ny voalazan'ny haino aman-jery dia tamin'ny 31 Oktobra 2019 no voarainay taty amin'ny Antenimierampirenena io Tetibolam-panjakana io, kanefa mbola tsy voarainay tsirairay izany hatreto.
- 7- Araka ny nolazain'ny Tale Jeneralin'ny Hetra dia nofoanana ny haba teo amin'ny entona fandrehitra mba hialana amin'ny fandrahoana manimba ny lafiny tontolo iainana. Tokony hisy fepetra manafonana ihany koa ny haba eo amin'ny fitaovana ampiasana ny entona fandrehitra.
- 8- Marihana fa ny Lalàna farany nivoaka namaritra ny loharanon-ketra ho an'ny Vondrom-bahoaka dia ny lalàna laharana faha-2014-020 fa tsy laharana faha-2004-020. Mila faritana mazava tsara ny fampiakarana ny vola eny anivon'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana mba hanaanany fizakan-tena ara-bola.
- 9- Raha tsy asiana hetra ny entona fandrehitra nefa ny fatana miaraka aminy mbola iharan'ny hetra dia tsy hampihena ny fampiasana arina fandrehitra izany; fa tokony hampidirina koa ny fanafonanan-ketra eo amin'ny fatana, fa ampiarahina amin'ny fepetram-pitantanana sy fanaraha-maso izay ataon'ny fitondram-panjakana.
- 10- Samy manafatra bolabolan-tsavony avokoa ny orinasa mpanao savony ary mandeha tsara ny orinasa. Misy mpiasa maro ao amin'izy ireo izay mampiasa rano sy jiro. Noho izany, tokony hojerena ny tombotsoan'ny mpamokatra savony rehetra, fa tsy ny iray ihany izay tiana hisongadina ary tsy tokony hitombina ny fampiakarana ny haba ho 20%. Ny vokatry ny loto ateraky ny fiasan'ny orinasa amin'ny olona sy ny biby fiompy, toy ny aretim-pisefoana koa dia tsy azo ialana ary misandrahaka;
- 11- Manoloana ny fiakarana 20% eo amin'ny haban-tseranana alaina amin'ny bolabolan-tsavony ireo dia noantitranterin'ny Solombavambahoaka ny hitazonana azy ho 10% toy ny ankehitriny ihany, satria raha araka ny Lalàna Fehizoro mifehy ny Tetibolam-panjakana laharana faha-2014/007 ao amin'ny andalana faha-49 dia milaza fa raha toa ka hampihena ny vola miditra na ny vola mivoaka ny Antenimierampirenena dia mikaroka na mandroso hevitra manoloana ny banga izay notapahana na nesorina, ka apetraka amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny fanantanterahana izany.
- 12- Efa nampisy resaka be teto amin'ny Antenimierampirenena, na tamin'ny fandiniana ny Volavolan-dalàna voalohany na ny fanitsiana ity resaka haban-tseranana mikasika ny bolabolan-tsavony ity.

- Efa nandroso soso-kevitra hatrany ny Solombavambahoaka ny hitazonana izany ho 10% anefa hiakatra ho 20% indray. Mila jerena izay mahaso ny Mpandraharaha rehetra;
- 13- “Savonnerie Tropicale” no ao ambadik’ity fanovàna haba ity. Te-hitazona ny laza efa ananany izy. Efa nisy anefa ny soso-kevitra nomen’ireo Solombavambahoaka teo aloha mba hanarahany ny fandehan’ny hafa (rythme). Tamin’ny taona 2011, 20% ny haba, amin’izao fotoana izao 10%, haverina 20% indray izany. Mety hanala baraka ny Solombavambahoaka sy ny Mpanatanteraka ny fandaniana ity Volavolan-dalàna ity;
 - 14- Nisy fanapahan-kevitra noraisin’ny Tale Jeneralin’ny Hetra (DGI) amin’ny tsy hampandoavana hetra ny entona fampiasa ao an-trano (gaz domestique) hialana amin’ny fampiasana arina ho fanatsarana ny tontolo iainana. Araka izany, tokony tsy handoavan-keetra ihany koa ny kojakoja mifanaraka amin’izany. Mitovy amin’izany ihany koa ny resaka eto. Mety misy refy famporisihana (measure incitative) ny orinasa mpisehatra eo amin’ny bolabolan-tsavony ho tena lasa mpanao savony, fa tsy tokony saziaina amin’ity fampiakarana haba ity. Raha izany no misy dia azo ekena, fa hatreto, tsy resy lahatra ny Solombavambahoaka.
 - 15- Ny Solombavambahoaka ihany no afaka manova ny sandan-keetra ho fampison-drotana ny orinasa vaventy Malagasy;
 - 16- Tsy mety ny hampiakarana ny haba ho 20% satria tsy vokatra voahodina (produit fini) ny bolabolan-tsavony, fa akora tsy voahodina (bien intermédiaire). Toa izany koa ny fanodinana ny sponjy sy ny plastika izay efa misy orinasa misahana izany. Lasa resaka an-jorony ny fihainona ny fanovàna nentina tamin’ny haban’ity savony ity. Andro andiniana ny Volavolan-dalàna vao hita sy voarain’ny Solombavambahoaka izany. Tokony hiaraka hanolotra ny Volavolan-dalàna ny «Direction» -n’ny Hetra sy ny Fadintseranana, fa mahaela ny asa ny fanaovana izany tsikelikely;
 - 17- Mbola zakan’ny fahefa-mividy ny maro ny vidin-tsavony eto Madagasikara amin’izao fotoana izao, ka tsapa ny tsy fisian’ny fitarainan’ny vahoaka loatra mikasika izany.
 - 18- Ny Mpandraharaha tena ara-dalàna dia misoratra amin’ny CNaPS sy misitraka OSTIE ny mpiasany;
 - 19- Raha ara-dalàna aza ny antontan-taratasy entina amin’ny fikarakarana taratasy eny amin’ny Fadintseranana dia atao amin’ny «circuit» mena foana. Alakamisy matetika no asaina miverina, kanefa ny mpiasa milaza maika sady tsy miasa ny Zoma tontolo andro;
 - 20- Mahagaga fa ny savony efa vita avy any ivelany, toy ny avy any “Maurice” dia tsy andoavana haba;
 - 21- Misy fanampiana maromaro izay tolotra isasahana (offres paritaires) avy amin’ny Fiombonam-be Eoropeana ka ny politikam-barotra no mitondra izany. Fatiantoka no azo. Tsy mahay manararaotra ny tranga misy ny Governemanta. Ny antsika tsy amidy ny lamàtra (thon) ohatra, kanefa ny firenena sasany mivarotra izany.
 - 22- Maro ny firenena no tokony niditra tao amin’ny APEi (Fiombonam-be Eoropeana) fa “Maurice”, “Comores”, Madagasikara ary “Seychelles” no nanaiky “parties prenantes” amin’izany ny Fadintseranana;
 - 23- Manahirana ny fandehanan’ireo Mpandraharaha savony tsikelikely etỳ amin’ny Antenimierampirenena;
 - 24- Misy vokatra iray karazana ampidirin’ny mpamatsy (fournisseurs) roa samihafa. Ny iray mandoa TVA, ny iray tsia. Mampiseho kolikoly izany;

- 25-** Mikasika ny tsy fandoavana haban-tseranana amin'ireo entana fanomezana avy any ivelany dia efa nandroso soso-kevitra ny Solombavambahoaka tany aloha mba hisitrahan'izy ireo izany miaraka amin'ireo Ben'ny Tanàna. Tokony mba homena tombotsoa manokana ny Solombavambahoaka hahafahany manatanteraka ny asany.
- 26-** Nanamarika ny Solombavambahoaka, fa tsara jerena ny mikasika ny zotran-dalamby FCE mankany Atsimo Atsinanana izay efa an-taonany maro no nisy olana kanefa ny mpiasa ao vitsy an'isa, ka tokony hisy ny fanampiana avy amin'ny fitondrana; satria tsy nisy fanohanana mihitsy izy ireo kanefa mbola nahavita nampihodina azy io ihany. Tokony hanao jery todika sy hanaja ny fitohizan'ny fitantanan-draharaham-panjakana ny fitondrana amin'izao fotoana vao mandray fanapahan-kevitra.
- 27-** Misy ireo «retraités» mpiasan'ny AES tsy mandray «pension» any Ambovombe Androy satria tsy nandoa «cotisation part patronale» ny AES; tsy betsaka izy ireo satria mitentina eo amin'ny 1 Miliara Ariary eo fotsiny izany.
- 28-** Mikasika ny fampidirana ho mpiasam-panjakana amin'ny taona 2020, tokony hojerena akaiky ireo ECD izay mbola betsaka no tsy nandray karama, indrindra ao amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina. Tokony hojerena ny fahasamihafan'ny ivontoerana izay iasan'ireo mpiasam-panjakana ireo.
- 29-** Nilaza ny Solombavambahoaka, fa tsara ireo fotodrafitrasa vita, toy ny fanamboarana EPP izay voalaza teo ambony kanefa tokony hojerena ny fandraisana ireo mpampianatra FRAM sy ireo «bénévole» izay afaka hamelona izany; toy izany koa ny mikasika ireo oniversite rezionaly amin'ny fomba handraisana ireo mpampianatra mpikaroka ho mpiasam-panjakana sy ireo mpandraharaha hampihodina izany. Ilaina ny «mesure d'accompagnement» amin'izany rehetra izany.
- 30-** Misy ireo CSB, CHD, CHU izay nandefa «fonds d'équité» any amin'ny CSU kanefa tsy hita izany avy eo; misy fanodinkondinam-bola tao. Ao ihany koa ny fandoavana ny karaman'ireo «Gardiens sanitaires» sy «Dispensateurs» izay tokony halefan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana any amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ka izy no mandefa izany any amin'ny Kaominina, ka mety hisy ny tsy fandoavana ny karaman'izy ireo ary miteraka fanodinkondinana ireo fanafody izany.
- 31-** Misy ireo tobim-pahasalamana izay manao «financement basé sur la performance» izay hita fa tena mahomby satria dia mavitrika ireo mpiasa ao ary tokony haparitaka any amin'ireo toeram-pitsaboana hafa izany.
- 32-** Nisy vola nentina nampitaovana ny JIRAMA tamin'ny fitondrana lasa teo, anefa amin'ny isika miteny izao, mbola hita mibaribary eny amin'ny tranon-jiron'ny JIRAMA ireo fitaovana izay azo lazaina fa lany daty ary tsy tokony hiasa intsony. Atsipy ho anareo tomponandraikitra ankehitriny izany mba ahafahana manao jery todika ny lasa.
- 33-** Be loatra ny fampindramam-bolan'ny JIRAMA satria niteny ianareo, fa tsy hisy intsony ny olana raha mahazo io fampindramam-bola io tamin'izany; anefa hatramin'izao mbola tsy hita ny olana voavaha. Koa tsapa araka izany, fa isika miezaka ny handroso kanefa ny zavatra iainana mihemotra.
- 34-** Misy ny Solombavambahoaka nilaza fa tokony hisy ny fanaraha-maso hentitra amin'ny «subvention communale» ary tokony hisy ny «appel d'offres» eo amin'ny fividianana ireo fitaovana ampiasain'ny Tafika sy ny Zandarimariam-pirenena.
- 35-** Nangataka ireo Solombavambahoaka, fa tokony hasiana fiofanana hampianarana ireo Solombavambahoaka hampiasa ny «tablette» vaovao.

Fanamarihana avy amin'ny Teknisiana:

- 36-** Misy ireo «nouvelle technologie» entina amin'ireo toeram-pianarana toy ny EPP izay heverina fa hanana «connection internet» avokoa ary «tablette» ho an'ireo mpianatra izay hanala fanadinana ary hisy ihany koa ny fiarovana ireo tanàn-dehibe, toy ny fametrahana «caméra de surveillance» amin'ireo toerana «sensible» izay eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ireo teknolojia vaovao, mba ahafahana manafaingana ny fandoavana ny saran'ny fandoavam-bola amin'izy ireny. Mikasika ny sehatra rehetra izy io, raha tsy hiteny afa-tsy ny «puce» izay atao amin'ny omby ... sns.
- 37-** Raha momba ireo ECD kosa, tsy tokony hisy intsony ireo ECD tsy mandray karama, raha toa ka mbola misy izany dia efa tranga manokana ao amin'ny Minisitera voalaza; na izany aza, azonay atao ny mijery ifotony ny zava-misy ary hifampiresaka amin'ny DAF-n'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina momba izany izahay.
- 38-** Mikasika ny fampidirana mpiasam-panjakana amin'ny taona 2020, hatao tsara tatitra any amin'ny Minisitera voakasika ny fanamarihana ary hojerena ny «mesure d'accompagnement» mifandraika amin'izany, mba ahafahana hampahateza ireo fotodrafitrasa hapetraka.
- 39-** Momba ny fampindramam-bola avy any amin'ny Minisiteran'ny Atitany mandeha any amin'ny Kaominina, efa misy kaonty manokana fanaovana izany ary azo arahina maso tsara. Noantitranteriny tamin'izany, fa hatao tsara laza any amin'ny Minisitera voakasika izany ary hiverina hanao tatitra aty aminareo izahay.
- 40-** Misy fanaraha-maso akaiky eo amin'ny «subvention communale» araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filohampirenena. Mikasika ny fitaovana ampiasain'ny Tafika sy Zandarimaria, misy ny lalàna momba ny tsenam-baro-panjakana, azon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena ny mividy mivantana amin'ny maha tsiambaratelon'ny fanjakana azy.
- 41-** Mikasika ny «évolution» sy ny «suivi d'avancement des exécutions», efa misy ny «mis à jour» alefa amin'ireo «tablettes», ka ahafahanareo manara-maso ny asa atao ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity.

SOSO-KEVITRA:

- 1- Tokony hojerena izay tena Mpandraharaha eo anatrehan'ny fahamaroan'ny mpanao savony tsy ara-dalàna. Hanaovana fanadiovana sy famantarana (identification) izay miaramiasa amin'ny orinasa vaventy, izany hoe ireo mpambongady (grossiste);
- 2- Tokony hampandoavina TVA isam-bolana ny mpambongady (grossiste) isaky ny manao fividianana entana. Hetra Tambahatra (IS) no ampiasain'izy ireo amin'izao fotoana izao kanefa ahazoany vola be. Ho lasa fahasahiranana ho an'ny mpaninjara (détaillant) ny hamaritry ny fampidiram-bolany isan-taona (recette annuelle). Fomba afaka ampiharina hampitomboana ny vola miditra amin'ny fanjakana izany;
- 3- Noho ny fahefa-mividy ny vahoaka mbola ambany, hisy fiantraikany ny fanondrotana ny haban'ny savony. Tsara raha avela hifaninana amin'izao aloha ireo Mpandraharaha;
- 4- Mba tsy hahafaty antoka ny vahoaka malagasy sy ny fanjakana noho ny fahazoan'ny GasyNet ny 70% amin'ny haban-tseranana, tsara raha raisin'ny Fadintseranana tsikelikely ny andraikitra;
- 5- Mikasika ny GasyNet, vitan'ny Fadintseranana ny asa ataony, ka tokony hojereny izay fomba hialana amin'ny GasyNet;

- 6- Mikasika ny Solombavambahoaka sy ny asany, misy amin'izy ireo no nahita fiaraha-miasa any ivelany amin'ny lafin'ny sosialy, toy ny fahasalamana sy ny fampianarana, saingy misedra olana goavana izy ireo raha sendra misy fampidirana ireo entana anaovana asa soa ireo eto Madagasikara, ka ilàna fanamorana avy ao amin'ny Fadintseranana izany.

Valin'ny fanamarihana sasany:

- 1- Mikasika ny CLD: efa fantatra tsara mihitsy ny momba ny zava-miseho izay naroson'ny Solombavambahoaka hoy ny Minisitra, ka efa eo am-pijerena ny vola hampiasaina sy ny fandaminana maro samihafa izy ireo. Iarahana mahalala, fa nisy tetibola fanitsiana tamin'ity taona ity, hazakazaka ihany ny nandaniana azy, fa sady manitsy isika no mitondra fanovàna no manaraka ihany koa ny «procédure» nampiharina teo aloha. Ankehitriny, manana hatramin'ny 27 Desambra ho avy izao hanaovana ny fandaminana samihafa mikasika ny fandraiketana, fanalavana izay miavaka izy io, ka heverina fa zava-dehibe mba ahafahana mitsinjo ny fandaniana eny amin'ny Faritra.
- 2- Niala tsiny ny Minisitra mikasika ny tsy nahazoan'ny Solombavambahoaka fihaonana taminy. Nomarihany fa nisy ihany ireo efa voarainy. Mety tamin'ny fotoana tsy naha teto an-toerana azy ihany koa no nisian'ny fangatahana, ka tsy voaray. Nanoso-kevitra izy mba hanatonana mivantana ny Talen'ny Kabinetrany na hiantsoana azy mivantana, fa tsy ampandalovina any amin'ny mpitantsoratra intsony.
- 3- Inoana fa tsy ho sarotra amin'ny Solombavambahoaka intsony ny fahafantarana ireo fampiasam-bola hataon'ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 izay nampidirina ao anaty «tablettes» izay nozaraina ho an'ny Solombavambahoaka rehetra.
- 4- Niala tsiny ny Minisitra tamin'ny tsy naha voateny ara-potoana ny tany Vangaindrano tamin'ny fanaovana ny «Conférence budgétaire». Efa misy tetiandro anaovana fakan-kevitra isam-paritra, ka kasaina ny hanombohana izany amin'ny volana Febroary sy Martsa 2020 ho avy izao, mba tsy hiandrasana ny volana Novambra, ka hisy tsy ho voalaza.
- 5- Raha ny tena izy, tokony ho feno ny Volavolan-dalàna LFI 2020 tonga eto amin'ny Antenimierampirenena, fa noho ny tsy fahafahan'ny teknisiana manaoatra no nampisy izao fandefasana ny ampahany izao. Ny resaka fampidiram-bola dia efa tsy miova intsony, fa ny lafiny fandaniana no mbola miandry ny fanapahan-kevitra izay horaisina eo anivon'ny "autorité politique" sy fandaniana avy amin'ny Minisitera izay mbola tsy nahavita ny azy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Izay no tsy nahafahana namarana azy, fa ny vola ho amin'izany dia efa vonona.
- 6- Raha isika eto amin'ny Antenimierampirenena, efa tokony hihevitra fa nahazo an'io PLFI 2020 io isika tamin'ny 31 Oktobra 2019, efa nampidirina tao anaty fandaharam-potoana nandritra ny lahadiniky ny Filoha izany. Noho ny fanovàna teo amin'ny programan'asa avy tany amin'ny "Présidence" izay tiany hampidirina no nampisy ny fiovan'ny fandaharam-potoana. Koa mba hahatonga antsika tsy ho lany fotoana dia nampidirina tsikelikeky isaky ny Sampandraharaha Ankapobeny izany. Fanampin'izany, isika Solombavambahoaka ihany no nangataka ny hanemorana ny fivoriambe ho fandaniana ny PLFI 2020 any aorian'ny fifidianana Ben'ny Tanàna.
- 7- Ny hetra amin'ny fahazoan-dalana no nofoanana, fa tsy ny haba. Ny tanjona dia ny hampiroboroboana ny angovo maitso. Raha itarina any amin'ny fampitaovana ny fanafoanana, mila dinihana tsara ny resaka "sécurisation des recettes".

Manarak'izany "sujet à la loupe" isika amin'ny lafiny fandaniana eo anatrehan'ireo mpiara-miombon'antoka ireo, ka tsy afaka manao «*exonération*» amin'izany isika.

8- Tsy misy valiny.

9- Mikasika ny entona fandrehitra, hataonay ny fanadihadiana ho tonga lavidavitra kokoa ao anatin'ny "chaîne de consommation", fa hatreto aloha, mijanona eo amin'ny fanafoanan-ketra amin'ny entona fandrehitra no nimasoanay.

Toy izay amin'ny ankapobeny ny fizotry ny adihevitra.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny Vaomiera.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: lany nasiam-panovàna (**jereo tovana**);

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA.

Andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

II- FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY VOLAVOLAN-DALANA MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2020

Andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna (**jereo tovana**).

III- FEPETRA MANOKANA

Andininy faha-16 ka hatramin'ny andininy faha-23: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nolanin'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Nifarana tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<u>Famelabelarana ny antonantony</u> <u>II-1-2-1- FADINTSERANANA</u> <u>II.1.2.2-MAHAKASIKA NY LAZAM-BIDY</u> <u>AMIN'NY FADINTSERANANA</u>	<u>Famelabelarana ny antonantony</u> <u>II-1-2-1- FADINTSERANANA</u> <u>II.1.2.2-MAHAKASIKA NY LAZAM-BIDY</u> <u>AMIN'NY FADINTSERANANA</u>
Ny fanovàna ny mikasika ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia mahakasika indrindra ireto:	Ny fanovàna ny mikasika ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia mahakasika indrindra ireto:

<p>Fanomezana tohana ireo mpanodina na ireo orinasa te-hanodina bolabolan-tsavony <u>amin'ny fampiakarana ho 20% ny tahan'ny haban-tseranana raha 10% izy ankehitriny mahakasika ireo vokatra ireo</u></p>	<p>Fanomezana tohana ireo mpanodina na ireo orinasa te-hanodina bolabolan-tsavony izay notazonina ho 10% ihany ny tahan'ny haban-tseranana mahakasika ireo vokatra ireo</p>
--	--

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanitsiana sy fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa HENRI Jean Michel, raha nadray fitenenana, nilaza fa ao amin'ny pejy faha-32, teboka faha-27, nambarany fa misy «retraités» tsy mandray «pension» ny mpiasan'ny AES, satria tsy nandoa latsakemboka ho azy ireo ny AES. Mitentina 1 000 000 000 Ariary no sandan'izany, fa tsy 1 000 000 Ariary izany. Tokony hahitsy io voalaza ao amin'ny tatitra io.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nitondra fanitsiana tahaka izao:

Ao amin'ny pejy faha-2, tsy voasoratra ao anatin'ny lisitr'ireo nanatrika ny Asam-baomiera ny anaran'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ka tokony hosoratana ihany koa satria nanatrika izany ny tenany.

Ao amin'ny pejy faha-6, andalana faha-4, ireo tarehimarika voasoratra ireo dia nanambara ny fitomboan'ny tetibola isaky ny Minisitera voasoratra. Ahitsy araka izany ireo tarehimarika ireo.

Ao amin'ny pejy faha-11, nomarihiny fa lehibe loatra ny fanaboriboriana (arrondissement) momba ny tarehimarika ataon'ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola mikasika ny fiakaran'ny vola hampidirin'ny Fadintseranana: 300 ka hatramin'ny 360 Miliara Ariary. Tena izay ve no izy sa tsia.

Pejy faha-12, andalana faha-3, Vondrona Eo-peana no izy, fa tsy Fiombonam-be Eo-peana.

Pejy faha-18, fitsinjaram-pahefana no izy fa tsy fitsinjaram-paritra, ary ao amin'ny pejy faha-23, CCPREAS no fiteny fa tsy CCPREH.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, nilaza fa, nandray anjara tamin'ny “forum budgétaire” natao izy. Tokony hisy ihany ny jery todika mikasika izany, mba hamantarana hoe famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny “Gouvernorat” na avy amin'ny CLD ny famatsiam-bola azo.

Tsy mifanaraka amin'ny filàna any ifotony ny tetik'asa atao ary tsy mifandraika amin'ny zavatra voalaza tamin'ny velirano.

Mikasika ny CSU (couverture sanitaire universelle), soso-kevitra no aroso, hoy izy: hitanay fa hiakatra ny karama amin'ny taona 2020. Raha ampidirina amin'ny “Bon de Caisse” izany, hahazo tombotsoa daholo ny mpiasam-panjakana rehetra raha ny marina.

Takiany ny hijerena ny fifanarahana satria misy ny vola naloan'ny CSB, CHD, CHU any amin'ny “Centrale” izay mitentina amina miliara maro. Rehefa natao ny “rapport”, any Vatomandry no natao ho “pilote” tamin'ny fandoavana izany.

Nomena ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana taorian'izay, hamaliany ireo fanamarihana sy fanitsiana ireo.

Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Tetibola kosa raha nandray fitenenana, nankasitraka ny Vaomiera tamin'ny fahalavorarian'ny tatitra izay nahitana taratra ny fisian'ny adihevitra tokoa.

Nitondra fanitsiana vitsivitsy izy taorian'izay, ka toy izao izany:

Ao amin'ny pejy faha-5, mikasika ny tanjona ho an'ny taona 2023. «Taux de pression fiscale, 15% de PIB» fa tsy 14%-n'ny PIP no marina.

Eo amin'ny «cadrage macroéconomique», andalana faha-2: amin'ny «opération net du trésor», fa tsy ny amin'ny «opérationnet du Trésor».

«Taux de croissance économique 7% pour l'année 2020».

Raha nomena fitenenana kosa Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, LAIKALA Zafivanona; nanamafy izy, fa nanatrika ny asam-baomiera kanefa tsy voamarika tao amin'ny tatitra ny anarany, ka tokony hosoratana izany.

Nitondra fanitsiana toy izao kosa, Andriamatoa RANDIMBIARISOA Oliva, Tale Jeneralin'ny Vola sy Fitantanan-daraharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Tetibola, ao amin'ny pejy faha-2, mbola nitondra fanitsiana koa izy mikasika ny anaran'ny teknisiana.

Teo amin'ny pejy faha-3, amin'ny hoe: «Adidin'ny Governemanta ... fa anjaran'ny Solombavambahoaka kosa ny manisy fanitsiana na mandany izany»; nahitsy toy izao: «Adidin'ny Governemanta ... fa anjaran'ny Solombavambahoaka kosa no mandany izany».

Ity famelabelarana ity dia mirafitra ho toy izao:

1. Ny tahirin-kevitra ankapobeny na “orientations générales”, fa tsy «grandes orientations».

3. Ny «indicateur budgétaire» izay ahitana ny «cadrage budgétaire» fa tsy «cadrage macroéconomique».

4. Tokony hasiana “ny” eo alohan'ny “structure budgétaire”, fa tsy “structure budgétaire” fotsiny.

«Orientations générales» ihany koa no eo ambany, fa tsy «grandes orientations».

Izany PEM izany dia mifotra amin'ny “toko telo” fa tsy “lohahevitra” telo.

Ahitana teboka telo mandrafitra izany fahaizana mitantana izany ka toy izao ny:

- “fandriampahalemana”, fa tsy “ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana”.

- “ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana” fa tsy “fitsinjaram-pahefana”.

Ramatoa Filoha kosa no nitondra fanitsiana teo amin'ny pejy faha-25, teboka faha-13: mazava ny tanjona, fa tsy hoe mazana ny tanjona.

Taorian'izay, nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana, mba hitondrany famelabelarana amin'ny ankapobeny mikasika ny Volavolan-dalàna, ka Andriamatoa Ministry ny Toekarena sy ny Tetibola no nandray fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Tetibola tamin'izany, fa ity Volavolan-dalàna ity dia taratry ny fanatanterahana ny Velirano nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika nandritra ny fampielezan-kevitra nataony.

Misy ezaka lehibe tsy maintsy tanterahana amin'izany, ka anisan'izay ny fanatratrarana ny tahan'ny fampidiran-ketra (taux de pression fiscale) ho 11,5%.

Ilaina anefa ny fifanomezan-tànana hahatanteraka izany. Noraisina ohatra ho filamatra ny vahoaka any Danemarka amin'ny faharisihana amin'ny fandoavan-ketra.

Nanome fanamby, Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, mba ho vahoaka mandroso, manana ny maha izy azy eran'izao tonolo izao ny Malagasy, ka anisan'ny manana anjara toerana lehibe ny Solombavambahoaka eo amin'ny fanatanterahana izany satria misolo ny vahoaka amin'ny lafiny rehetra izy ireo.

Rehefa izany, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, nanamarika fa tsy voasoratra ao anatin'ny PGE ny Distrikan'i Lalangina no sady ambany ny sora-bola natokana ho azy. Ahoana ny momba izay.

Nanolotra soso-kevitra amin'ny ahafahana mampiasa ny sora-bola 50 Tapitrisa Ariary amin'ny anjaran'ny Distrika misy azy amin'ny resaka CLD, mba ho azo ampiasaina amin'ny asa sosialy izany.

Mikasika ny sora-bola natokana ho an'ny Antenimierampirenena kosa, tokony hojerena akaiky izany satria nisy fihenany.

Nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny fanapahan-kevitra Andriamatoa RANDRIANASOLO Nicolas. Tsy tokony handany fotoana amin'ny adihevitra intsony, fa handany ny Volavolan-dalàna tamin'ny endrika nandrosoan'ny Governemanta azy teto amin'ny Antenimierampirenena.

Nanambara, Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, fa tsy mitovy ny zavamisy tamin'ny firenena nozanahan'ny frantsay sy ny anglisy, ka tsy tokony ho azo ampitahaina ny zavatra iainany amin'ny fandoavan-ketra.

Nomarihany fa nisy fahatarana tamin'ny fahatongavan'ny Volavolan-dalàna teto amin'ny Antenimierampirenena, ka tsy nahafahana nanangona ny hevitr'ireo olona eny ifotony izay voakasika amin'izany.

Nitondrany fanamarihana koa mikasika ny Tetibolan'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena izay hita fa tena midangana raha oharina amin'ny an'ireo Minisitera hafa.

Mbola nanome soso-kevitra amin'ny tokony hampidinana ny ampaham-bola betsaka ho eny ambanivohitra ho an'io Minisitera io. Toy izany koa, ho an'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Mikasika ny CLD, efa nisy ny Tolo-dalàna nolaniahana teto amin'ny Antenimierampirenena momba ny hampiakarana ho 100 000 Ariary ny karaman'ny Sefom-pokontany ary 80 000 Ariary kosa ho an'ny Lefiny. Aiza ho aiza ny fampiharana izany.

Momba ny karaman'ny mpiasam-panjakana; nanome soso-kevitra hatrany izy, mba hanatsarana ny tambin-karama ho an'ireo olona miasa eny ambanivohitra, indrindra ireo olona misehatra momba ny fahasalamam-bahoaka sy ny fanabeazana.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine kosa naneho ny ahiahiny amin'ny mety hisian'ny fiakaran'ny vidim-piainana (inflation) noho ny fametrahana ny haba 20% amin'ny famokarana katsaka.

Mikasika ny famokarana katsaka ihany Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, kosa niombon-kevitra tamin'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ambositra, mikasika ny sodro-bidim-piainana satria mety hamono ireo mpandraharaha amin'io vokatra io ny fampiakarana ny hetra alaina aminy.

Nambarany, fa anisan'ny vinan'Andriamatoa Filohampirenena ny hahatonga an'i Madagasikara ho sompity ny ranomasimbe Indiana, ka tokony hojerena ny momba izany.

Raha eto Madagasikara fotsiny dia mahatratra any amin'ny 150 taonina ny banga eo amin'ny filantsika raha toa 1 000 taonina izany eto anivon'ny ranomasimbe Indiana. Betsaka ny olona misehatra amin'ny famokarana katsaka amin'ny faritr'Antanifotsy iny sy any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara, ka tokony hojerena ihany ny olana mety hateraky ny fisian'io taha 20% amin'ny vokatra katsaka io.

Nangataka ny hampitomboana ny tetibola amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny fahasalamana koa izy teo amapananana ny teniny.

Nanambara, Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel, fa tsy mikasika mivantana ny fari-pifidianana nahalany azy ity tetibola ity kanefa Faritra manana ny maha izy azy raha amin'ny lafiny fizahan-tany, ny famokarana kafe ary "graphite" any Antanambao-Manampotsy. Ny olana raha ny fahitany azy dia ny faharatsian'ny lalana izay mirefy 49km monja.

Gaga ny tenany manoloana ny fahitana ireo fanomezana "tracteurs" ho an'ny Faritra Atsinanana satria raha ny marina, tohadrano no ilain'ny Faritra mba hamokarany misimisy kokoa.

Nangataka ny hisian'ny fitoviana amin'ny samy Distrika, mba tsy hisian'ny Faritra mandroso sy ny Faritra tara amin'izay lafiny izay.

Marihana fa Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritany Mahajanga no nitarika ny fivoriana nanomboka teto.

Nanambara, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, raha nomena fitenenana, fa mitovy ny olana mahazo an'i Marolambo sy Antanambao-Manampotsy satria raha vola 1 000 000 Ariary no hatokana hanamboaran-dalana mirefy 132Km, tsy mety izany. Raha jerena ny sora-bola natokana ho an'ny Distrikan'i Marolambo, samy manana 10 000 Ariary isaky ny mponina fotsiny raha io no jerena.

Nanaitra ny mpitondra fanjakana koa izy mikasika ny tokony hamahana ny olan'ny "bénévole" eo anivon'ny CSB II, satria raha miisa 37 ny CSB II ao amin'ny Distrikan'i Marolambo, ny enina amin'ireo dia sahanin'ny "bénévole" avokoa.

Andriamatoa RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Wha kosa indray nanambara, fa amin'ny Minisitera miisa 31 ao anatin'ny Governemanta, ny 11 amin'ireo dia tsy ahazoan'ny Distrikan'i Soanierana-Ivongo na dia ariary aza.

Mikasika ny fandoavan-ketra, nanaitra ny manam-pahefana koa izy amin'ny tokony hisian'ny fanaraha-maso sy fandraisana fepetra ho an'ireo tomponandraikitra eny anivon'ny Faritra izay tsy manara-dalàna, mba tsy hisian'ny tsy maty manota intsony. Noraisiny ohatra tamin'izany ny fisian'ny tranga iray; raha 200 000 Ariary no naloan'ny olona, 55 000 Ariary no voasoratra ao anatin'ny tapakila fanamarihana (réçu).

Fanamarihana no nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, fa tsy ao anaty "tablette" ny antontan'isa mikasika ny Boriborintany faha-VI misy azy.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, indray nanamarika fa mbola azo lazaina hoe tara lavitra isika raha mitaha amin'ny nosy "Maurice" raha ny velaran-tany no jerena raha ny fandrosoana no ampiatahaina.

Mikasika ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, nambarany fa tsy mitovy hevitra amin'ny teknisiana izy amin'ny hanaovana ho tsiambaratelon'ny fomba fividianana ny fitaovana ampiasain'ny Miamila sy ny Zandary.

Nanome ohatra tamin'ny fomba nahazoana ny angidimby izay volan'ny APMF no nividiana izany ho an'ny Tafika.

Mikasika ny CLD, nomarihany fa ny Solombavambahoaka teo aloha no niady azy. Lasa mpitazana fotsiny izy ireo manoloana ny fampiasana ny vola, koa angatahana ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny fampiasana izany vola izany.

Momba ny "maître FRAM", naneho ny fahagaga manoloana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana azy ireo izy, satria matetika olona efa "subventionnée" indray no raisina amin'izany toerana izany. Tokony hojerena akaiky izay toe-javatra izay satria mbola mametraka vesatra ho an'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra ny mikasika ireo olona ireo.

Mikasika ny tsy fandriampahalemana nanamarika Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa voatonona matetika ny Distrikan'i Sakaraha amin'io lafiny io. Tsara raha jerena akaiky ny fomba ahafahana mamoka haingana ny vola hiadiana amin'izany tsy fandriampahalemana izany.

Mikasika ny fandraisana mpampianatra ho mpiasam-panjakana, tsara raha ampitomboina ny tetibola atokana amin'izany amin'izay mba maro ny mpampianatra hisahana ny ankizy. Tokony hatao isaky ny ZAP izany satria kely loatra ny "quota"; miisa 13 fotsiny no mba anjaran'ny Distrika misy azy tamin'ity taona ity.

Jerena ihany koa ny fomba hampitomboana ny karaman'ny mpampianatra mba ho famporisihana azy ireo amin'ny asa ataony.

Amin'ny loza voajanahary, aiza ho aiza ny tetibola natokana ho amin'izany satria ho an'ny Distrikan'i Sakaraha manokana, ny fahasimbana nandritra ny fandalovan'ny rivodoza "Haruna" hatramin'izao, mbola tsy nisy fanamboarana mihitsy.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nampahatsiahy ny tokony hirosoana amin'ny votoatin'ny fandaharam-potoana; izany hoe: ny fandinihana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2020 izany. Tsy tokony hijery ny tranga momba ny Distrika tsirairay isika, hiandry ny fihaonana amin'ny Governemanta; amin'izay fotoana izay no hanaovana ny fangatahana sy fampahatsiahivana.

Mbola nanamafy, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tokony hifantoka amin'ny fandinihana ity Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2020 ity ny adihevitra ataon'ny Solombavambahoaka.

Nangataka fanazavana mikasika ny fisian'ny hetra 20% amin'ny famokarana katsaka, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, izay mety havesatra ho an'ny tantsaha ka mety hahakivy azy ireo amin'ny fambolena izany. Etsy andaniny anefa ny fanjakana manentana azy ireo hiditra ao anatin'ny "cadre formel" hatrany. Inona no vahaolana aroso manoloana izay.

Naneho ny ahiahiny mikasika ny fiakaran'ny tahan'ny fampiasam-bola (taux d'investissement) ambony loatra, izay mety hitarika ny fiakaran'ny tahan'ny tsy fahafamividy (taux d'inflation), Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, satria tsy miantraika avy hatrany ny vokatry ny fampiasam-bola izay atao amin'izao fotoana izao, fa mbola miandry fotoana hafa.

Mikasika ny Minisiteran'ny Atitany, tokony hampitomboina ny sorabola natokana ho azy satria hisy fampitomboana ny isan'ny Fokontany, Kaominina, Distrika ary ny Faritra.

Nanambara, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, fa raha jerena ny fitsinjarana ny tetibola manerana ny nosy, hita fa misy tsy fitoviana kanefa raha ny tanjona dia fisandratana ho an'ny rehetra, fa tsy ho an'ny faritra vitsivitsy ihany. Tokony hojerena akaiky izay zavatra izay.

Nanamarika, Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, fa araka ny voalaza teo, ny tanjona dia ny hahatonga an'i Madagasikara ho sompitra eto anivon'ny ranomasimbe Indiana kanefa raha jerena ny kitapom-bola natokana ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena, hita fa kely izany raha mitaha amin'ny Minisitera sasantsasany. Raisina ohatra, ny fizarana masomboly izay natao tany Amparafaravola. Kely dia kely ny masomboly omena ny tantsaha kanefa terena hanao fambolena manarapenitra izy ireo.

Mikasika ny fahasalamana, entanina ny olona hanao vakisiny ny zanany; tsapa fa mbola misy CSB izay "bénévole" no mitantana azy. Ahoana ny momba azy ireo.

Mikasika ny CLD indray, efa nisy tolo-kevitra amin'ny tokony tsy hampitoviana ny anjaran'ny Distrika tsirairay, ka angatahana ny hampiharana izany.

Ho an'ny Minisiteran'ny Atitany, efa tafiditra ao anatin'ny tetibola ve ny famoronana Fokontany, Kaominina, Distrika ary Faritra vaovao eto amintsika.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad kosa nanamarika fa nisy fakan-kevitra mikasika ny harena ankibon'ny tany natao. Tsapa fa ambany ny "droit d'accise" mikasika ny harena ankibon'ny tany amin'izao fanombohany izao. Natao izany mba hahatonga ny mpitrandraka harisika handoa hetra satria raha ny zava-misy, ny 70%-n'ny mpiantsehatra amin'io lafiny io ankehitriny dia tsy manara-dalàna daholo.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena indray no niverina nitarika ny fivoriana teto.

Rehefa nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia mikasika ny fotodrafitrasa no nasiany teny. Nambarany fa ny lalana no tena ilaina any amin'ny faritra misy azy. Tsikaritra anefa, fa tsy mifanaraka amin'ny tetikasa ny tetibola natokana ho amin'izany. Noraisiny ohatra, ny sorabola izay mitentina 728 000 000 Ariary natokana hanamboarana ny lalana mampitohy an'i Vangaindrano-Fort Dauphin RNP12A izay hatao amin'ny alalan'ny HIMO. Mipetraka ny fanontaniana hoe: hatao "goudron" ve sa tsia io lalana io.

Momba ny CLD; raha jerena ny sorabola ho an'ny Faritra Atsimo Atsinanana izay mitentina 1 300 000 000 Ariary; raha atao ny fandinihana amin'ny fitsinjarana azy isaky ny Distrika, hita fa ny anjaran'i Farafangana no tsy ampy.

Farany, tsapa fa miakatra ny tetibola natokana ho an'ny politika sosialy ho an'ny taona 2020, saingy midina indray izany amin'ny taona 2021. Inona no antony mahatonga izany?

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis kosa nanontany hoe: ahoana no fomba hampiasanareo, hampitomboana ny vola miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana satria raha ny zava-misy, toa tsy mety mandray "chèque" ny mpiasan'ny Ivon-toerana Fandoavan-ketra any aminay.

Mikasika ny CLD, angatahana ny ahafahana mamoka ny vola mialoha mba hampiasana azy amin'ireo tetikasa efa voaomana ho amin'izany.

Momba ny fampiakarana ny hetra alaina amin'ny labiera; raha jerena ny hamaroan'ny mpisotro azy, tsy hahazo tsiny aminy ve ianareo mpitondra raha io taha io o jerena.

Farany, angatahana ny hampitomboana ny tetibola ho an'ny fanamboaran-dalana satria izany no tena fototry ny fandrosoana.

Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien, nanambara fa itovizana ny olana hita amin'ny Distrika saika ny rehetra mihitsy. Faritra mamokatra voly fanondrana, toy ny jirofo, lavanila, dipoavatra, kanelina any Analanjirofo. Mampidi-bola vahiny ho an'ny firenena ireo kanefa mitotonganana hatrany ny vidin'izany, toy ny vidin'ny lavanila. Ny anton'izay, ny faharatsian'ny kalitao ka amin'ny antsasa-bidiny sisa ny no amarotana ny jirofo. Inona no atao mba hialana amin'izay fitotongan'ny vidim-bokatra izay.

Et ihany koa ny tsy fisian'ny lalana satria tsy nisy asa natao mikasika ny fanajariana ny tany.

Eo amin'ny CLD, tsy afaka nandray anjara izahay Solombavambahoaka tamin'ny fanomanana ny zavatra tokony hatao, ka lasa nijery baolina fotsiny. Izahay anefa fantatrareo fa manao asa maro, toy ny fitaterana marary, ny fitondrana ny voafonja, sns.

Mitaky ny hampitomboana ny fampidirana mpampianatra sy ny mpiasan'ny fahasalamana ho mpiasam-panjakana koa izahay.

Sady fanontaniana no fanitsiana ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina.

Manao ahoana ny fandrafetana ny tetibola. Miainga avy amin'ny Minisitara ve sa avy amin'ny Disitrika.

Amin'ny fotoana manao ahoana izahay Solombavambahoaka no afaka manatona ny Minisitara tomponandraikitra amin'ny fandrafetana izany tetibola izany.

Voalaza tao amin'ny PGE, fa nahazo CHD izahay any Andramasina. Toa tsy hita ato amin'ity Tetibola ity anefa ny vola natokana ho amin'izany.

Ao anatin'ity "loi de finances" ity, ahitana vola mitentina 29 000 000 Ariary ho an'ny «biens et services»; ahoana no fomba fampiasana an'io vola io. Toa tsy misy lafiny "activités" raha ny fahitana azy.

Mety ho vita ve ny fanamboarana EPP isaky ny Fokontany sa izay vita ihany aloha no ato.

Manolotra fisaorana, tamin'ny fikarakarana ny tranon'ny Solombavambahoaka.

Nanambara, Andriamatoa DINAH Romual, fa zavatra ilain'ny vahoaka andavan'andro ny telefaonina. Raha ampiakarina ny hetra mikasika izany, ho sahirana ny vahoaka, sa tsy maintsy ilaina ve ny fampiakarana izany hetra izany.

Amin'ny lafiny fandriampahalemana, tokony homena tambin-karama ny "Quartier Mobile" satria fitiavan-tanindrazana no anaovan'izy ireo ny asany.

Mikasika ny ohatra tany "Danemark", mazoto mandoa hetra ny olona any satria mipaka any aminy ny vokatry ny hetra aloany, fa ny antsika toa tsy tahaka izay. Tamin'ny andron'ny Filoha PHILIBERT Tsiranana, nazoto nandoa hetra ny vahoaka satria tsy nandoavam-bola ny sehatra ara-tsosialy, toy ny hopitaly. Entano ny vahoaka hanao izany ary asio tamberiny ny hetra aloany.

Soso-kevitra no narosony teo amin'ny lafiny fambolena; fototsakafon'ny Malagasy ny vary; ilaina ny fanajariana lemaka lehibe mba hamokarana amin'izay ho voky ny vahoaka. Nangatahany ny hampitomboana ny tetibola atokana ho amin'ny fambolem-bary mba hialana amin'ny fanafarana izany.

Nangataka ny hampidirana an'i Maroantsetra amin'izany fanajariana izany, satria Faritra mamokatra vary sy manana lemaka midadasika izany toerana izany.

Andriamatoa ASSIMO Bruno kosa nidera ny Filohampirenenana Andry Nirina RAJOELINA sy ny ekipany tamin'ity "loi de finances" ity satria hiadana sy ho finaritra ny vahoaka Malagasy.

Faritra voalohany eto Madagasikara amin'ny fambolena fary any Ambilobe. Misy anefa ny olana; akana hetra 5% amin'ny "chiffre d'affaires" ny mpamboly fary. Sao tokony 5% amin'ny tombom-barotra azony no hakana izany hetra izany.

Mikasika ny fakana hetra amin'ny vahoaka. Maromaro ny Zakaiosy amin'ireo mpamory hetra. Izany hoe, misy amin'ireo mpamory hetra no tsy manara-dalàna. Hafa ny vola aloa aminy, hafa ny "quittance" omeny. Lasibatra amin'izany ny vahoaka any aminay ka tokony hasianareo fanaraha-maso.

Mangataka ny hisian'ny fiaraha-miasa amin'ny mpitandrofilaminana sy ny vahoaka mba hisian'ny fandriampahalemana maharitra.

Ramatoa JOHASY Raharisoa Eleonore, indray nanamarika mikasika ny "tablette", fa tsy mitovy ny "données" ao anatin'ny marika "Samsung" sy ny "Huawei".

Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, kosa nilaza fa ao amin'ny "tablette", valo no isan'ny Distrika ao amin'ny Faritra Matsiatra Ambony. Raha ny zava-misy, tsy misy intsony ny Distrikan'i Fianarantsoa II.

Mangataka ny hamindrana ny zavatra rehetra mikasika an'i Fianarantsoa II mba ho ao Fianarantsoa I.

Efa tamin'ny andron'ny Tetezamita no nangataka ny fijerena azy manokana ny mpiasan'ny lalamby amin'ny faritra atsimo satria ny an'ny faritra avaratra mba efa voalao.

Mikasika ny «renforcement CRCM», mba ampidiro amin'io ny mpiasan'ny lalamby ao amin'ny faritra atsimo.

Nanambara, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa efa misy dingana natao tamin'ny "Conférence Budgétaire". Nisy hetahetanay nalefa tany kanefa tsy nisy tafiditra na tamin'ny PGE na tamin'ity "loi de finances" ity. Inona no anton'izay.

Mangataka noho izany, ny hanomezana fotoana bebe kokoa hifampidinihana amin'ny "Directeurs Régionaux" momba izany.

Nanolotra soso-kevitra amin'ny fanatsarana ny "loi de finances" amin'ny manaraka, fa tsy fanenjehana fotoana fotsiny no atao.

Raha tsy mandeha ny IEM, ianao Andriamatoa Minisitry no voadaka voalohany satria ianao no tompon'ny vola. Izany hoe, miankina aminao ny fahalavorarian'ny IEM.

Mikasika ny fandraisana mpampianatra FRAM dia ombanay manana izay voalaza teo aloha.

Mikasika ny "indemnité" ho an'ny Fokontany, ny "subvention" ho an'ny Kaominina, tsy tokony hatao tara intsony izany, fa mijaly ireo olona ireo.

Ramatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette, kosa nanamarika fa Isandra, Ivohibato, Lalangina no mandrafitra an'i Fianarantsioa II.

Ny 969 Tapitrisa Ariary, nangatahany mba hampidirina ho an'i Fianarantsoa II. Mangataka ny hampakarana an'io tetibola io ko izy amin'ny manaraka, satria mila vola daholo ny hopitaly, ny lalana, ny fandraisana mpiasa, sns...

Nanamarika, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, fa tsy voateny ny mikasika ny "réserve de lingot d'or" ao amin'ny Banky Foibe. Tsy voateny ihany koa ny mikasika ny "réserve de service". Taorian'izay, nanaolotra soso-kevitra izy momba ireo vahiny miasa eto amintsika, aleo apetraka eto Madagasikara mihitsy ny volany mba hahamora ny fanaraha-maso azy ireo.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, indray nangataka ny hampitomboana ny tetibolan'ny MAEP.

Faritra mamokatra sy misy lemaka midadasika i Belo Tsiribihina; tsy mila zezika ny fambolena amin'izany toerana izany, koa mangataka ny hijeren'ny tomponandraikitra amin'ny hanohanana azy.

Misy "aire protégée" any aminay, hoy izy. Misy mponina tsy avela hamboly amin'izany toerana izany. Mangataka "mesure d'accompagnement" mifandraika amin'izany satria mijaly ny vahoaka, fambolena no iainany ka izay no itarainana.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, kosa nilaza ny fandraisana Mpampianatra FRAM, misy miteny hoe: raha mihoatra ny 45 taona ny Mpampianatra dia tsy eken'ny Minisitara horaisina intsony. Ireny anefa no tena be triakefa, ka inona no sakana amin'izany.

Noho izany, tsy ekena ny faniliana ny Mpampianatra be taona, koa miangavy ny handraisana azy ireo izahay.

Nilaza Andriamatoa SATRA Augustin, fa voarafitra sy voadinika tsara ity volavolan-dalàna mikasika ny tetibola, taona 2020 ity.

Tanjontsika ny hampitombo ny harin-karena kanefa toa tsy hita amin'ny tetibola ny mikasika ny voly fanondrana izay mampidi-bola ho antsika ihany koa.

Mila jerena manokana ny voly fanondrana satria mitotongana ny vidin'ny "letchi" izay mampiavaka an'i Brickaville amin'izao fotoana izao. Miteraka tsy fampandrosoana izany raha bangoina amin'ny teny fohy.

Misy lafiny tsara sy lafiny ratsy ny fampiharana ny hetra amin'ny famokarana katsaka, ka mila fanadihadiana lalina alohan'ny handaniana azy.

Mikasika ny Mpampianatra FRAM mihoatra ny 45 taona, tokony horaisina izy ireo satria mahafeno fepetra, manana traikefa mihoatra ny 12 taona koa izy ireo, ka izany no ilazana hoe: raiso ho mpiasam-piasam-panjakana ireo olona ireo.

Andriamatoa HENRI Jean Michel, indray nilaza ny mikasika ireo mpiasa misotro ronono tao amin'ny AES izay tsy nandray fisotroan-dronono satria tsy nandoa "cotisation" ny AES. Misy vola 1 Miliara Ariary aloan'ny fanjakana any amin'ny CNaPS, ka amin'izany tokony hanalana handoavana ny volan'ireo olona ireo.

Mikasika ny “subvention” ho an’ny Kaominina, amin’ny “subvention de fonctionnement”, misy Kaominina miverina indroa na intelo, misy anefa tsy mahazo mihitsy. Ahoana ny momba azy ireo.

Amin’ny resaka tsy fandriampahalemana, mamaivay any Androy; 348 Miliara Ariary ny vola nomena ny Zandarimaria, 1 686 000 Ariary no mba anajaran’ny Zandary ao Ambovombe. Kely loatra izany vola izany, ka tokony hampiana.

Mitaona ny Solombavambahoaka mba handany ity Volavolan-dalàna ity.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny indray, fanontaniana fohy mikasika ny fanendrena “Chef CISCO” hoe avy any amin’ny “finances” no anaovana izany. Marina ve izany sa tsia.

Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe dia nisaotra an’Andriamatoa Minisitra tamin’ny fanomezana ny “tablette” ho an’ny Solombavambahoaka mba hoentiny miasa.

Raha mitaha amin’ny Distrika rehetra, anisan’ny tara lakora, mbola faharoa any amin’ny farany koa izy amin’ny tetibola taona 2020. Tsy mendrika an’lakora izany. Noho izany, angatahanay amin’ny taona 2021, mba hojerena akaiky ny mikasika anay.

Amin’ny “conférence budgétaire” manaraka, tokony hohenoina ny Solombavambahoaka amin’ireo asa tokony hotanterahina any amin’ny fari-piadiadiany.

Tokony hampitoviana ny karaman’ny «fonctionnaire» rehetra mba hisian’ny fampandrosoa, hoy Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, raha nomena fitenenana.

Mikasika ireo “bajaj” sy “taximoto” miasa ao Ambatolampy, tokony hojerena manokana ny hetra alaina amin’izy ireo satria lafo loatra, ka mitaraina momba izany izy ireo.

Mikasika ny beantitra, olana manerana an’i Madagasikara ny fandoavana ny “cotisation patronale” hoy Andriamatoa RAMENASON Rio Merci; tokony handroso vahaolana mikasika izany ianareo tomponandraikitra.

Reharehan’Antsiranana ny orinasa SECREN. Tsy mandeha anefa izany amin’izao fotoana izao, lasa mijaly ny vahoaka any an-toerana noho tsy fisian’ny asa. Nisy ny ezaka natao ary manantena vahaolana ny vahoaka mba hialany amin’ny fahasahiranana.

Havokavoka iainan’ny vahoaka any amin’ny Faritra avaratra ny RN6 Ambilobe-Ambanja; mila fanamboarana izany lalana izany satria tsy tafavoaka ny vokatra, maro ny mampiasa izany ary mitaraina fa tena sahirana.

Mila vahana ihany koa ny olana misy amin’ny sidina Antsiranana-“La Réunion”.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert dia nilaza fa saropiaro amin’ny hasin’ny Antenimierampirenena ny Solombavambahoaka.

Niangaviany ny tsy hampiarahana ny fifidianana sy ny fivoriana atao eto amin'ny Antenimierampirenena satria rafitra "semi-parlementaire" ny rafitra iainantsika; tsy feno ny trano fivoriana, fa lasa manao fampielezan-kevitra ny Solombavambahoaka.

Niangaviany koa, Andriamatoa Minisitra, mba hijery ny haja amam-boninahitry ny Solombavambahoka, fa aza avela ho kamboty.

Mikasika ny "dématerialisation", angamba efa kilao maromaro ireo boky nomena anay; kely anefa ny fotoana azonay amakiana azy ary matetika amin'ny fotoana farany vao tonga aty aminay izany.

Mikasika ny FER, voalaza fa valo volana no tsy nandray vola, efa ato amin'ity tetibola ity ve ny vola tokony handoavana izany.

Mikasika ny katsaka, misy bibikely any anatin'ny, tsy atahorana hisy fiantraikany amin'ny mpamboly ve ny masomboly hambolena.

Momba ny famerenana an'Antananarivo amin'ny laoniny, tafiditra ato anatin'ity tetibola ity ve izay sa tsia.

Nivantana ny fanontaniana napetrak'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa manao hoe: nahoana Andriamatoa Minisitra no ambany loatra ny tetibola nomena anay. Miangavy ny hampidirana tetikasa maro amin'ny tetibola manaraka sady hampitomboana koa izany.

Nitaraina Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine, fa olana any Nosy-Be ny tsy fisian'ny orinasa, anoreno orinasa any an-toerana fa mahantra ny vahoaka. Rahoviana no hisokatra ny orinasa SIRAMA any aminay.

Mahamanatra ny mpizahatany ny mahita ny hopitaly ao Nosy-Be satria tsy ampy ny fitaovana, maloto ny trano, tsy misy fandriana hatorian'ny marary. Tokony hampiana ny tetibola mikasika ny fahasalamana mba hanatsarana io toe-javatra io.

Mila jerena manokana koa ny voly "Ylang Ylang" ao Nosy-Be satria anisan'ny mampidi-bola izany sehatra izany; raha 27 000 Fmg ny vidiny taloha, nidina ho 25 000 Fmg izany, ankehitriny. Tokony hisy vahaolana homena ny mpamboly sao ho kivy izy ireo, ka hihemotra ny toekarena. Izany anefa no tena iveloman'ny olona any aminay.

Andriamatoa MBELO Ndriamanampy Jean Germain Odon kosa nanamarika, fa tsy hita ato amin' ity "loi de finances" ity ny fanamboarana ny RN3.

Mikasika ny tetibola ho an'ny tanora sy ny fanatanjahantena, tsy misy na ariary aza ny anjaranay; toy izany koa amin'ny mponina sy ny sosialy, mbola aotra ariary. Inona no anton'izany.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges indray nilaza teo amin'ny lafiny fampianarana fa mangataka hatao 2 000 isan-taona ny fandraisana ireo Mpampianatra FRAM ho lasa mpiasam-panjakana.

Tamin'ny “conférence budgétaire” natao tany amin'ny Faritra, nalefa tamin'izany hoe: ireto avy no laharam-pahamehana tokony hatao. Raha mijery ity “loi de finances” ity anefa, tsy nisy namaly an'ireo hetaheta nalefa mihitsy. Ny fanamboaran-dalana sy ny fampandrosoana ny fambolena no hethetanay.

Tsapa ihany koa fa tsy mifandanja ny famatsiam-bola ho an'ny tanàn-dehibe sy ny Distrika hafa. Aleo mba atao mitovy, fa tsy mety izany. Fifandanjana manaraka ny isan'ny mponina no tokony hatao amin'izay mitovitovy, amin'izay, mahazo fiofanana ny mponina any ambanivohitra lavitra. Miangavy ny hijerena ny velaran-tany (superficie) mba hisian'ny fampandrosoana mirindra.

Adriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain kosa nilaza fa manana «statut particulier» i Sainte Marie, ka niangavy ny hanomezana ny “décret d'application” momba izany satria daradradraina fotsiny hoe: “Commune Urbaine” kanefa tsy manana izany tombotsoa manokana izany.

Mikasika ny hetra alaina amin'ny katsaka, nangataka ny hanafoanana izany, Andriamatoa ROCHELIN Houssen, satria be loatra ny fitarainana voarainy avy tamin'ny vahoaka.

Mikasika ny fandanianana ny tetibola, maro ny fahadisoana voamariky ny Solombavambahoaka teo. Tsy hisy fiantraikany amin'ny antontan'isa amin'ny tetibola ve ireo fahadisoana ireo, raha tsy hiresaka afa-tsy ny ao Fianarantsoa II sy any Ambovombe ihany koa.

Mikasika ny hetra alaina amin'ny savony, mitaraina ny mpampiasa ny singa ilaina amin'ny fanamboarana izany satria any amin'ny vahoaka no tena iantefany raha miakatra ny hetra. Marina fa ilaina ny fampiakarana ny hetra saingy tokony hisy vahaolana homena hisorohana izany fiakaran'ny hetra izany.

Nandray anjara tamin'ny “forum budgétaire” izahay hoy Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, ka tokony hisy jeritodika ihany mikasika izany, toy ny famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny Governora na ny vola ho an'ny CLD mihitsy no ampiasaina avy hatrany. Raha tsy izay no ampiharina, lasa tsy mifanaraka amin'ny filana ifotony, tsy mifandraika amin'ny zavatra ilaina tamin'ny veliranon'ny Filohan'ny Repoblika ny zava-misy iainana.

Mikasika ny CSU na “Couverture Sanitaire Universelle”, manolotra soso-kevitra hoe tokony hatao ho an'ny rehetra izany.

Rehefa tapitra ny fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana indray ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlementera IRD

Raha jerena ny endrika nandrafetana ity Volavolan-dalàna ity, hita fa voahaja amin'ny ankapobeny ny fepetra notakiana taminy. Azo raisina ohatra amin'izany ny fanamaivanana ny antontan-taratasy, ny fisian'ny dikanteny malagasy sy frantsay; indrindra ny fampiasana fitaovana vaovao toy ny "tablette".

Raha jerena indray ny votoatin'ny Volavolan-dalàna na ny «fond», hita taratra ao koa ny ezaka nataonareo, saingy ny manao zavatra tsy mora. Izay no antony nahatonga ny fahabangana sasantsasany, ka angatahana fanitsiana.

Heverina fa mamaly ny fampanantenana nomen'Andriamatoa Filohampirenena nandritra ny fampielezan-kevitra nataony ity tetobola, taona 2020 ity; izay no irariana mba hialana amin'ny fahasahiranana be loatra mianjady amin'ny vahoaka.

Hojerena miandalana ny fomba hampandrosoana ireo Distrika izay hadino na tsy tafiditra tao anatin'ny mihitsy satria ao anatin'ny andraikitra ny Solombavambahoaka amin'ny maha mpanara-maso antsika ny manao izany.

Manentana antsika Solombavambahoaka mba handany ity Volavolan-dalàna hifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 ity.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, Filohan'ny Vondrona parlementera TIM.

Manantitrantitra mba tsy ho lasa rano raraka fotsiny ny fanitsiana natao mikasika ny tetibola, fa handeha amin'ny tokony ho lalany. Mitaky ny hanajana ny andraikitra sahanin'ny mpanao lalàna koa izahay.

Hita fa nihena ny tetibola ho an'ny Antenimierampirenena, ahoana ny tombotsoa tokony ho azon'ny Solombavambahoaka eo anatrehan'izay.

Manentana anareo Solombavambahoaka namana mba handany ity Volavolan-dalàna ity, eny na dia ao anatin'ny antoko mpanohitra aza izahay.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, Filohan'ny Vondrona Parlementera GPR

Maniry izahay fa hitondra soa ho an'ny vahoaka malagasy ity Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana ho amin'ny taona 2020 ity.

Manome soso-kevitra izihany koa izahay amin'ny tokony hanesorana ny hetra alaina amin'ny katsaka satria mety hidina ny risipon'ny mpamboly.

Manentana antsika Solombavambahoaka namana mba handany ity Volavolan-dalàna ity satria soa ho an'ny firenena no kendrena.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Minisitry, mba hamaly ireo fanontaniana sy ny hetahetan'ny Solombavambahoaka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nanamarika fa hita taratra ny fahavononan'ny Solombavambahoaka haneho fiaraha-miasa amin'ny fitondram-panjakana, satria raha ny isan'ny fanamarihana sy fanontaniana voaray an-tsoratra teo, mitotaly any amin'ny 48 any ho any.

Hifarana ity ny taona, isika anefa nametrahana andraikitra. Marina, hoy izy, fa mety misy ireo Distrika tsy hita ato anaty tetibola kanefa manome toky anareo izahay, fa rehefa tonga ny fotoana, tsy maintsy ho hita miandalana eny ihany ny hanaovana azy ireo.

Tsy tokony hanana ahiahy aminay ianareo Solombavambahoaka satria sahiko ny miteny etoana, fa ity Governemanta ity dia saropiaro amin'izay resaka "équité" izay.

Mikasika ny "tablette" izay nozaraina tamintsika; tokony hitovy ny zavatra hita ao anatiny ary hohatsaraina ny fomba fampiasana azy. Raha ny eritreritray tamin'ny voalohany, saika io "tablette" io irery ihany no nampiasaina saingy mbola tsy sahy izahay satria mety ho maro ny fanakianana na ny fomba entina mikirakira ny teknolojia aza, mety hisy koa ny tsy zatra izany.

Mikasika ny tetibola ankapobeny izay mitentina 10 049 Miliara Ariary; io no hita mahamety ny fitantanana ny firenena amin'ny taona ho avy; koa manainga anareo handany azy izahay. Natao ho fiaingana fotsiny aloha izy ity, fa mbola ho avy ny fotoana hijerena ny lafin-javatra hafa mba hitondra fandrosoana ho antsika rehetra.

Raha mahavita ezaka goavana isika amin'ny fampidiran-ketra, mety ho betsaka noho ireo ny zavatra ho azontsika atao sy hampiasana ny vola.

Mikasika ny fitarainana amin'ireo mpiara-miasa any amin'ny Faritra, ny Governemanta dia manara-maso akaiky azy ireo ary tsy handefitra aminy raha mari-pototra ny tsy rariny ataony amin'ny fanaovana ny asam-panjakana.

Marihana fa samihafa ny "ajustement" sy ny "augmentation" izay atao amin'ny haba satria nisy Solombavambahoaka saika hanontany mikasika izany. Raisina ohatra amin'izany ny vokatra labiera, hatramin'izay, 200 Ariary isaky ny litatra ny hetra alain'ny fanjakana, amin'izao fotoana izao, efa manodidina 2 400 Ariary ny vidin'ny iray tavoahangy. Izany hoe, misy ny elanelam-bidy betsaka hita, ka rehefa nifampiresaka tamin'ny tomponandraikitra ny orinasa STAR izahay dia nanaiky ny hampiakarana ny hetra alaina amin'ny labiera izy ireo. Mitovitovy amin'izay koa ny vokatra katsaka.

Mikasika ny tokony hanaovana laharam-pahamehana ny lafiny fahasalamana, fampianarana ary fandriampahalemana; misy ny Minisitery tomponandraikitra mivantana amin'izy ireo. Mino izahay fa handray ny andraikiny momba izany amin'ny fampiasana ny volam-panjakana izy ireo. Eo anatrehan'izay, miangavy fiaraha-miasa akaiky aminareo Solombavambahoaka izahay satria tsy ho vitan'ny Minisitery irery izany.

Mikasika ny fandrefetana ny tetibola, tsy ny Minisitery ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola irery no mamolavola azy, fa niarahana tamin'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ny vahoaka izany.

Efa niezaka ny teknisiana tamin'ny fandrafetana ny tetibola mba hisian'ny fifandanjana ho an'ny rehetra; dieny izao, efa azonareo atao ny manomana ny filana any amin'ny Distrika misy anareo tsirairay fa aza miandry fiantsoana intsony.

Momba ny hoe 45 taona amin'ny fandraisana ho mpiasam-panjakana ny “maître FRAM”, tsy misy ny lalàna mametraka izany. Azo atao ny mandray azy ireo rehefa mahafeno fepetra. Hotohizana ny fandraisana mpampianatra miisa 8 000 isan-taona amin'ny taona 2020 io.

Mikasika ny harena an-kibon'ny tany, mbola handalo eto amin'ny Antenimierampirenena ny Volavolan-dalàna mifehy izany fitrandrahana harena an-kibon'ny tany izany.

Momba fananana “statut particulier”, ho an'ny Kaominina Andrenivohitr'Antananarivo sy Sainte Marie, tsy ho vitako samy irery eto ny mikasika izany, fa tokony hisy fiarahana midinika amin'ny Minisitery tomponandraikitra mivantana.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny famaliana ireo fanontaniana sy fanamarihana, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Talohan'izay, nisy fanazavana mikasika ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena nataon-dRamatoa Filoha.

Voalaza fa takiana ny antsasamanilan'ny Solombavambahoaka rehefa handany “projet de loi de finances” tahaka izao. Araka ny voalazan'io andininy faha-90 io dia manan-kery ny latsabato ataon'ny Antenimiera na firy na firy isan'ny mpifidy tonga raha toa, alohan'ny fanombohan'ny fivoriana, ka tsy voaantso ny Filoha, araka ny fangatahana manokana ataon'ny Filohan'ny Vondrona, hanao ny fanamarinana ny fetr'isa amin'ny fizahana fototra ny fahatongavan'ny antsasamanilan'ireo Solombavambahoaka.

Tsy nantsoin'ny Filoha ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ka nanambarany izany mialoha na ampy na tsy ampy ny antsasamanilan'ny Solombavambahoaka tonga. Noho izany, manan-kery ny latsabato ataontsika eto.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-05/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanambolan-panjakana, taona 2020 isika izao.

EXPOSE DES MOTIFS

Ao amin'ny pejy 22: “II.1.2.2- Mikasika ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana”, notazonin'ny Vaomiera ho 10% ihany ny tahan'ny haban-tseranana amin'ny fanodinana bolabolan-tsavony.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara tamin'ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana.

Nanamarika ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco fa ny lazam-bidy amin'ny haban-tseranana dia notazonin'ny Vaomiera ho 10% ihany ny taha amin'ny fanodinana bolabolan-tsavony.

Nilaza koa izy fa misy karazany roa ny mpanaparitaka savony eto Madagasikara; voalohany, misy tsy manafatra "bondillon", fa maka "matière première" izy dia manodina hatrany mandrapahazoany savony.

Faharoa, misy manafatra ny "bondillon". Raha ara-teknika, azo atao hoe "produit intermédiaire" izy amin'izay; mbola tsy "produit fini" no ilazana azy.

Araka ny soratra ao amin'ny «loi de finances», ny «matière première» dia 5% ihany; ny «matière intermédiaire» kosa 10% ary ny «produit fini» indray 20%.

Raha ny hitantsika eto 20% no «proposition» tamin'ny «version originale». Ny «travaux de commission» nanapaka fa ajanona 10% ihany. Izy no toerana misy azy ankehitriny. Ankinina amintsika io zavatra io. Moa ve mahatsara ny vokatry ary ny vidin'io rehefa afarana, moramora kokoa, satria 10% no vola aloany.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Nicolas kosa nilaza fa tsy resy lahatra tamin'ny asan'ny «Commission de Finances». Misy antony matoa nampiakarin'ny vaomiera io taha io. Tsy sahin'ny mpanohitra ny fitondrana ny hiaro ny "loi de finances" natolotry ny Governemanta. Ahoana no tsy hanarahantsika ny tenin'ny lehibentsika.

Nanambara Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa mambra ao amin'ny Vaomiera; nanaiky an'io taha 10% io ny tenany, kanefa rehefa nihaino ny Minisitry teo, misy antony roa no anekena ny "version originale".

Voalohany, eo ny fiarovana ny orinasa eto an-toerana. Faharoa, manimba ny vinavina amin'ny vola miditra ny fampihenana ho 10% an'io taha io. Noho izany, mangataka ny Solombavambahoaka mba handany ny "version originale".

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy indray nilaza fa marobe ny "produit intermédiaire" miditra eto Madagasikara fa tsy io "bondillon" io irery; na ny fanaovana "plastique" na ny tavoahangy STAR, samy "intermédiaire" daholo no idirany eto. Maninona ity no ampiakarina; mila jerena ny lalàna mifehy ny orinasa ary jerena ihany koa ny lafy tsara sy lafy ratsin'ny fampiakarana ny taha.

Tsy izay lany tany amin'ny Vaomiera dia tsy maintsy laniana hoy Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice. Rehefa naheno ny fanazavan'ny teknisiana teo, resy lahatra izahay fa tsy handany ny tapaka tany amin'ny "Commission".

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nilaza fa ombany manana ny voalazan'ny Filohan'ny Vaomiera teo. Tsy io irery no «produit intermédiaire». «Produit de première nécessité» ny savony ary antonony ny vidiny ankehitriny, fa raha mampiakatra an'io isika, hisy fiantraikany amin'ny vidin'ny savony izany. Dimy miliara ny tombony azo amin'ny fampiakarana kanefa ny fiantraikany amin'ny vahoaka mety hihoatra lavitra an'izay. Aleo tazonina amin'io 10% io ihany.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia nilaza fa nomena fahefana ny Vaomiera. Efa nandinika lalina izy ary nanatrika tao ny teknisiana. Ahoana no hitsipaka ny tapaky ny vaomiera, aleo hajaina ny asa nataon'ny Vaomiera.

Misy antony ny nampiakaran'ny Minisitery an'io taha io ho 20% hoy Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson; ho fiarovana ny "industrie locale" raha izay no azo ilazana azy. Manentana amin'ny hitazonana azy ho 20% aho, hoy izy.

Nangataka ny hirosoana amin'ny tsangan-tànana Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson satria lava loatra ny adihevitra.

Nilaza kosa Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré fa ny tombotsoan'ny vahoaka no mibaiko antsika, fa tsy ny tombotsoan'ny orinasa ka aleo ajanona amin'io 10% io ihany.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy Fitantanam-bola.

Nambarany fa efa ela ny adihevitra mikasika ity resaka hetra ity. Ny isavasavana ny raviny no ahitana ny fotony. Tsy mety ny hoe apetraka amin'ny fahazoana na tsia ny vola 5 Miliara Ariary ny resaka. Misy lafiny maro, toy ny tontolo iainana, ny fifaninanana eo amin'ireo mpisehatra samihafa, toy ny mpamokatra "intermédiaire" sy ny mpamokatra akora fototra. Tsy vitantsika izao ny adihevitra momba izany ary tsy voatery ho resaka ara-bola ihany fa misy lafiny hafa.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny fanampim-panazava nomeny, Ramatoa Filoha ary nanambara, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny isan'andiny ny mpivory.

"EXPOSE DES MOTIFS"

Ao amin'ny pejy faha-22: «II.1.2.2- mikasika ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana» dia notazonin'ny Vaomiera ho 10% ihany ny tahan'ny haban-tseranana mikasika ny fanodinana bolabolan-tsavony.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany; Solombavambahoaka miisa 7 no nitsipaka ary Solombavambahoaka miisa 9 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny "Exposé des motifs".

"I- DISPOSITIONS FISCALES":

Andininy voalohany ka hatramin'ny Andininy faha-3, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiampanovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-3.

«II.-EQUILIBRE GENERAL DE LA LOI PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2017»

«Cadre I: Budget Général de l'Etat»:

Andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-8, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-8.

“Cadre II : Budgets annexes”:

Andininy faha-9 sy ny Andininy faha-10, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-9 sy ny andininy faha-10.

«Cadre III: Opérations des comptes particuliers du Trésor»:

Andininy faha-11 sy ny Andininy faha-12, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11 sy ny andininy faha-12.

«Cadre IV : Opérations Génératrices de fonds de contre-valeur et assimilées»:

Andininy faha-13, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-13.

«Cadre V: Opération en capital de la dette publique»:

Andininy faha-14 sy ny andininy faha-15, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-14 sy ny andininy faha-15.

“III.- DISPOSITIONS SPECIALES”:

Andininy faha-16 ka hatramin'ny andininy faha-23, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny ny andininy faha-16 ka hatramin'ny andininy faha-23.

Rehefa vita ny fandraisana fanapahan-kevitra ny isan'andininy; nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana no mamaritra ny fomba arahina amin'ny fandania na ny tetibolam-panjakana, koa ezahana ny hanaraka izany antsakany sy andavany .

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (évaluation de recettes pour le Budget général) (andininy faha-4), Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (évaluation de recettes pour le Budget général) (andininy faha-4)

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny tomban'ezaky ny loharano sy ny fandania na ny vola kirakira (évaluation de ressources et de charges de trésorerie) (andininy faha-5), Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny tomban'ezaky ny loharano sy ny fandania na ny vola kirakira (évaluation de ressources et de charges de trésorerie) (andininy faha-5).

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (ensemble de missions au sein des ministères) (andininy faha-6), Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (ensemble de missions au sein des ministères) (andininy faha-6).

Rehefa natao ny tsangan-tànana momba ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (les crédits des budgets annexes et les crédits ou les découverts des comptes particuliers du Trésor) (andiny faha-11), Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (les crédits des budgets annexes et les crédits ou les découverts des comptes particuliers du Trésor) (andiny faha-11).

Taorian'izay, nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-05/2019, tamin'ny 30 Oktobra 2019, momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany teto amin'ny Antenimierampirenena ny Volavolan-dalàna laharana-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Taorian'ny fandania ny volavolan-dalàna dia nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka nambarany tamin'izany, fa nomen'ny Antenimierampirenena voninahitra androany ny firenena tamin'ny alalan'ny fandania ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana amin'ny taona 2020 ho avy io. Ankehitriny, hoy izy, efa lasa lalàna izany.

Nanao ny adidy tamin-kitsim-po tokoa ny Solombavambahoaka rehetra, ka isaorana eram-po, eran-tsaina azy ireo izany.

Mankasitraka ny fanapahan-kevitra niseho teto androany.

Misaotra Tompoko.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitry koa Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny Alatsinainy 2 Desambra 2019, manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro dia hisy ny Asam-baomiera mikasika ny:

- «Proposition de loi n°02-2019/PL du 07/10/19 relative aux professions et activités du cinéma, présentée par le Député JOHASY RAHARISOA Eléonore, élue à Vangaindrano».

- «Proposition de loi organique n°04-2019/PL complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au Statut de la Magistrature, présentée par le Député RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

- (Eventuellement travaux de Commission) «Proposition de loi n°03-2019/PL du 20/11/2019 relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle».

Teo ampamaranana, nanentana ny mpikambana amin'ireo Vaomiera voakasik'izany izy mba hanatrika ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 5 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona